

VFTM FPMA BORDEAUX

Lohahevitra nanomboka febroary 2024 : Ny AINA

Fafana tari-dalana

SAHAN'ASA	TENY sy FEHEZANTENY	FAMARITANA	TOROHEVITRA (SA/STK/TILY)
VOAMBOLANA	<p>AINA</p> <p>ZAVAMANANAINA MIAINA</p> <p>ZAVABOAHARY TSY MANANA AINA</p>	<p>Ny « aina » no fototry ny fahavelomana ao amin'ny zavaboahary manan'aina rehetra.</p> <p>Mizara telo (3) ny zavamananaina : ny biby, ny zavamaniry ary ny olombelona Mifampiankina ny fiainan'ny zavamananaina reetra</p> <p>Misy koa ny zavaboahary tsy manana aina. (vato, fasika, rivotra, ...)</p>	<p>Manao lalao na hira mampiseho ny fiankinan'ny zavamananaina miainga amin'ny rojo sakafo.</p>
OHABOLANA	« Ny aina tsy afaky ny tompony »	Iza no tompon'ny aina ? (Izaho ? Ianao ? Andriamanitra ?)	Manao lalao na sary na hira
ANDININ-TSORATRA MASINA	« Tandremo ny fonao (...) Fa avy ao aminy no ihavian'ny aina » Ohabolana 4.23	Ny « fo » no hiaingan'ny soa rehetra ka miharo ny « aina » tsy ho very.	Ampisehoy amin'ny ankizy fa mifampiankina ny FO sy ny AINA eo amin'ny fiainana andavan'andro.
FOMBA AMAM-PANAO MALAGASY	« Tera-bao »	Fomba fiteny « Arabaina nomen'Andriamanitra ny fara »	Tantara famangiana « Rom-patsa »

SOMPITRA AZO HANOVOZANA , HEVITRA

FANOROANA-PEJY

Table des matières

VOAMBOLANA.....	2
ANDININ-TSORATRA MASINA.....	6
HIRA.....	29
OHABOLANA.....	34
FOMBA AMAM-PANAO MALAGASY.....	53

VOAMBOLANA

<http://motmalgache.org/bins/homePage>

Teny iditra

Sokajin-teny

Fanazavàna teny malagasy

Fanazavàna teny anglisy

Fanazavàna teny frantsay

Ohatra

Haiendriteny

Tsotra : aina, aiko, ainao, ainy, aintsika, ainay, ainareo, ain',
ain-, aim-, ai-

Sampanteny

aina

anarana

Ny mahatonga ny zavatra ho velona: *Ny aina tsy afaky ny tompony*

Ny rivotra fohina sy avoaka mariky ny fahavelomana: *Mideza loatra ilay fiakarana ka njanona kely naka aina aho fa sempotra*
Hery sy fahatanjahana: *Be aina. ~ Tsy mahazaka an' io entana io Ikoto fa kely aina. ~ Manana aina izany raha olona* [1.1]

Life [1.2, 1.7]

Animal life, strength. [1.2]

Breath [1.7]

Vie: *Manao ny ainy tsy ho zavatra izy (Il ne tient pas compte de sa vie) ~ Ny zava-manana aina rehetra (Tous les êtres vivants)*
Le souffe animal: *Makà aina kely hianao fa sempotra (Respirez un peu parce que vous êtes essoufflé)*
Vigueur, force, effort: *Be aina izy (Il est vigoureux) ~ Kely aina izy (Il a peu de forces) ~ Nataoko izay tratry ny aiko (J'ai fait mon possible)*

Retrait ou dilatation des corps, comme d'une balle en caoutchouc, d'un ressort [1.3]

Vie; souffle [1.8]

Tsy izany anefa no voatiry rafi-kazo, na ny soavaly tsy hary mitovy aina. [2.470]

matoantenin' ny [mahaina](#), [mampiaina](#), [miaina](#)
 mpanao :
 matoantenin' ny [fampiaina](#)
 iharana :
 matoantenin' ny [iainana](#)
 fameno :
 Anarana : [ainaina](#), [fampiainana](#), [fiaina](#), [fiaina](#),
[fiainana](#), [mpiaina](#)

Kamban-teny

afaka aina	mahafaty ain'	miritra aina
afak-aina	olona	misondrotra
aim-bery	mahafoy aina	aina
foana	mahazo aina	misy aina
ai-miampify	maka aina	mitono aina
aina ambivitra	mamoy aina	mitovy aina
aina ara-	manala aina	mitsoaka aina
psikolojia	manampoka	mivarotra aina
aina miampify	aina	otrikaina
ain' angidina	manana aina	ratsiaina
ala aina	manao aina	silaky ny aina
any am-bolon-	manao aina tsy ho	sombinaina
tsofina ny	zavatra	sombin' ny aina
aina	manao ain-	takalonaina
arahaba tsy maty	kavana	tenin' aina
fo aman-aina	manao an' aina	tohan' aina
avotra aina	manao mosalahin-	tokin' aina
avy aina	aina	tratry ny aina
be aina	manao ranomaso	tsaroan' ny aina
efa an-doha riana	tsy mahatana	tsy avy miaina
ny aina	aina	vahatry ny aina
elon' aina	manao vy very ny	vazan' aina
faran' ny aina	aina	velona aina
fatraatra aina	manarana aina	vidin' aina
ferinaina	manavotra aina	vidin' aina
feritr' aina	mandatsaka	vonjy aina
fialan-aina	aina	zavamananaina
fiandrinaina	mateza aina	
fihary	may tranon'	
atodinaina	aina	
fofon' aina	menaky ny aina	
haiaina	miady aina	
ho vy ho vato anie	miady fo aman'	
ny ainao	aina	
ialan-aina	miala aina	
latsaka aina	miferinaina	
	miferitra aina	
	miferitr' aina	
	mikely aina	

<https://tenymalagasy.org/bins/teny2>

++++

Kamban-teny

<u>afaka aina</u>	<u>mahafaty ain'</u>	<u>miritra aina</u>
<u>afak-aina</u>	<u>olona</u>	<u>misondrotra</u>
<u>aim-bery</u>	<u>mahafofy aina</u>	<u>aina</u>
<u>foana</u>	<u>mahazo aina</u>	<u>misy aina</u>
<u>ai-miampify</u>	<u>maka aina</u>	<u>mitono aina</u>
<u>aina ambivitra</u>	<u>mamoy aina</u>	<u>mitovy aina</u>
<u>aina ara-</u>	<u>manala aina</u>	<u>mitsoaka aina</u>
<u>psikolojia</u>	<u>manampoka</u>	<u>mivarotra aina</u>
<u>aina miampify</u>	<u>aina</u>	<u>otrikaina</u>
<u>ain' angidina</u>	<u>manana aina</u>	<u>ratsiaina</u>
<u>ala aina</u>	<u>manao aina</u>	<u>silaky ny aina</u>
<u>any am-bolon-</u>	<u>manao aina tsy ho</u>	<u>sombinaina</u>
<u>tsofina ny</u>	<u>zavatra</u>	<u>sombin' ny aina</u>
<u>aina</u>	<u>manao ain-</u>	<u>takalonaina</u>
<u>arahaba tsy maty</u>	<u>kavana</u>	<u>tenin' aina</u>
<u>fo aman-aina</u>	<u>manao an' aina</u>	<u>tohan' aina</u>
<u>avotra aina</u>	<u>manao mosalahin-</u>	<u>tokin' aina</u>
<u>avy aina</u>	<u>aina</u>	<u>tratry ny aina</u>
<u>be aina</u>	<u>manao ranomaso</u>	<u>tsaroan' ny aina</u>
<u>efa an-doha riana</u>	<u>tsy mahatana</u>	<u>tsy avy miaina</u>
<u>ny aina</u>	<u>aina</u>	<u>vahatry ny aina</u>
<u>elon' aina</u>	<u>manao vy very ny</u>	<u>vazan' aina</u>
<u>faran' ny aina</u>	<u>aina</u>	<u>velona aina</u>
<u>fatratra aina</u>	<u>manarana aina</u>	<u>vidin' aina</u>
<u>ferinaina</u>	<u>manavotra aina</u>	<u>vidin' aina</u>
<u>feritr' aina</u>	<u>mandatsaka</u>	<u>vonjy aina</u>
<u>fialan-aina</u>	<u>aina</u>	<u>zavamananaina</u>
<u>fiandrinaina</u>	<u>mateza aina</u>	

<u>fihary</u>	<u>may tranon'</u>
<u>atodinaina</u>	<u>aina</u>
<u>fofon' aina</u>	<u>menaky ny aina</u>
<u>haiaina</u>	<u>miady aina</u>
<u>ho vy ho vato anie</u>	<u>miady fo aman'</u>
<u>ny ainao</u>	<u>aina</u>
<u>ialan-aina</u>	<u>miala aina</u>
<u>latsaka aina</u>	<u>miferinaina</u>
	<u>miferitra aina</u>
	<u>miferitr' aina</u>
	<u>mikely aina</u>

ANDININ-TSORATRA MASINA

« ...fa tsy mofo ihany no iveloman'ny olona; fa izay rehetra aloaky ny vavan'i Jehovah no iveloman'ny olona. ... »

Deutoronomia 8 : 3 , Matio 4 : 4 , Lioka 4 : 4

247 versets trouvés	ANDININY MI--ISA 247
Genesisy 1:20	Ary Andriamanitra nanao hoe: Aoka ny rano ho be zava-manan'aina; ary aoka hisy vorona hanidina ambonin'ny tany eny amin'ny habakabaky ny lanitra.
Genesisy 1:21	Ary Andriamanitra nahary ny biby vaventy anaty rano sy ny zava-manan'aina mihetsiketsika rehetra, izay efa betsaka ao amin'ny rano, samy araka ny karazany avy, ary ny voro-manidina rehetra, samy araka ny karazany avy. Ary hitan'Andriamanitra fa tsara izany.
Genesisy 1:24	Ary Andriamanitra nanao hoe: Aoka ny tany hamoaka zava-manan'aina samy araka ny karazany avy, dia biby fiompy sy biby mandady sy mikisaka ary bibi-dia, samy araka ny karazany avy; dia nisy izany.
Genesisy 1:30	Ary ny amin'ny bibi-dia rehetra sy ny voro-manidina rehetra ary ny zava-manan'aina rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany, dia efa nomeko azy ny zava-maitso rehetra ho fihinany; dia nisy izany.
Genesisy 2:9	Ary nampanirin'i Jehovah Andriamanitra teo amin'ny tany ny hazo rehetra izay maha-tehizaha sady tsara ho fihinana, ary ny hazon'aina teo afovoan'ny saha sy ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy.
Genesisy 2:19	Ary tany no namoronan'i Jehovah Andriamanitra ny bibi-dia rehetra sy ny voro-manidina rehetra; dia nentiny tany amin-drarahilany ireny hahitany izay hanononany azy avy; ary izay rehetra nanononan-drarahilany ny zava-manan'aina rehetra, dia izany no anarany.
Genesisy 3:22	Ary hoy Jehovah Andriamanitra: Indro, ny olona efa tonga tahaka ny anankiray amintsika ka hahalala ny tsara sy ny ratsy; ary ankehitriny, andrao haninjitra ny tanany izy ka hakany koa ny hazon'aina, ary hohaniny, ka ho velona mandrakizay izy;
Genesisy 3:24	Eny, noroahiny ny olona; ary nampitœriny tany atsinanan'ny saha Edena ny kerobima sy ny

	lelafon'ny sabatra mihebiheby hiambina ny lalana mankany amin'ny hazon'aina.
Genesisy 6:19	Ary ny zava-manan'aina rehetra, dia ny nofo rehetra, hitondrano roa avy isan-karazany ho ao anatin'ny sambo-fiara, hovelomina miaraka aminao; ho lahy sy vavy avy ireo.
Genesisy 8:17	Ary ny zava-manan'aina rehetra, izay eo aminao, avy tamin'ny nofo rehetra, dia ny vorona sy ny biby fiompy sy ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany, dia ento mivoaka miaraka aminao; ary aoka hiteraka be eny ambonin'ny tany sy ho maro anaka ary hihabetsaka eny ambonin'ny tany ireny.
Genesisy 8:19	Ny zava-manan'aina rehetra sy ny biby rehetra izay mandady na mikisaka ary ny vorona rehetra mbamin'izay rehetra mihetsiketsika eny ambonin'ny tany dia samy nivoaka avy tao amin'ny sambo-fiara araka ny karazany.
Genesisy 9:4	Kanefa ny nofo izay mbola misy aina dia ny ràny no aza haninareo.
Genesisy 9:5	Fa ny ranareo kosa dia hadiniko, satria ainareo izany; eo amin'ny tanan'ny manan'aina rehetra no hanadinako azy; ary eo amin'ny tanan'ny olona, dia eo amin'ny tanan'ny olona avy, no hanadinako ny ain'ny olona.
Genesisy 9:10	sy amin'ny zava-manan'aina rehetra eo aminareo, na ny vorona, na ny biby fiompy, na ny bibi-dia rehetra eo aminareo: izay rehetra nivoaka avy tao anatin'ny sambo-fiara, dia ny biby samy hafa rehetra.
Genesisy 9:12	Ary hoy Andriamanitra: Iza no famantarana ny fanekena izay ataoko ho amiko sy ho aminareo mbamin'ny zava-manan'aina rehetra eo aminareo hatramin'ny taranaka fara mandimby:
Genesisy 9:15	dia hotsarovako ny fanekeko izay ho amiko sy ho aminareo mbamin'ny zava-manan'aina, dia ny nofo rehetra; ary tsy hisy safo-drano, handringana ny nofo rehetra intsony.
Genesisy 9:16	Ary ho eo amin'ny rahona ny avana; ary hitsinjo azy Aho hahatsiarovako ny fanekena mandrakizay izay ho amin'Andriamanitra sy ho amin'ny zava-manan'aina rehetra, dia ny nofo rehetra ambonin'ny tany.
Genesisy 19:17	Ary rehefa nitondra azy nivoaka tany ivelany izy, dia hoy ny anankiray: Mandosira hamonjy ny ainao; aza miherika ianao, na mijanona eny

	amin'ny tany lemaka rehetra; mandosira any antendrombohitra, fandrao haringana ianao.
Genesisy 25:8	Dia niala aina Abrahama ka maty, rehefa fotsy volo tsara sady lahy antitra ela niainana; dia voangona any amin'ny razany izy.
Genesisy 25:17	Ary ny andro niainan'Isimaela dia fito amby telo-polo amby zato taona; ary niala aina izy ka maty, dia voangona any amin'ny razany .
Genesisy 35:18	Ary rehefa hiala aina (fa maty izy), dia nataony hoe Benony ny anarany; fa ny rainy kosa nanao azy hoe Benamina.
Genesisy 35:29	Dia niala aina Isaka ka maty, ary voangona any amin'ny razany, rehefa trarantitra sady ela niainana izy; ary dia nandevina azy Esao sy Jakoba zananilahy.
Genesisy 45:5	Ary ankehitriny, aza malahelo na tezitra amin'ny tenanareo noho ny nivarotanareo ahy ho aty; fa hamonjy aina no nampandehanan'Andriamanitra ahy hialoha anareo aty.
Genesisy 47:25	Ary hoy izy: Efa namonjy ny ainay ianao; aoka mba hahita fitia eto imason'itompokolahy izahay, dia ho mpanompon'i Farao.
Genesisy 49:33	[Ny nahafatesan'i Jakoba sy ny nandevenana azy, ary ny nahafatesan'i Josefa] Ary rehefa vitan'i Jakoba ny hafatra nataony tamin'ny zananilahy rehetra, dia navonkin'ny teo amparafara ny tongony, dia niala aina izy ka voangona any amin'ny razany.
Eksodosy 4:19	Ary hoy Jehovah tamin'i Mosesy tany Midiana: Mandehana miverina any Egipta, fa maty ny olona rehetra izay nitady ny ainao.
Eksodosy 21:23	Fa raha misy maninona kosa, dia hanome aina solon'ny aina ianao,
Eksodosy 21:30	Raha sazina izy, dia handoa vidin'aina araka izay sazy atao aminy.
Eksodosy 23:12	Henemana no hanaovanao ny raharahanao; fa amin'ny andro fahafito dia hitsahatra ianao, mba hialan'ny ombinao sy ny borikinao sasatra, ary mba hakan'ny zanaky ny ankizivavinao sy ny vahiny aina.
Eksodosy 25:5	sy hoditr'ondrilahy efa nomen'aina sy hodi-takasy sy hazo akasia,
Eksodosy 30:15	Ny manan-karena tsy handoa mihoatra noho ny antsasaky ny sekely, ary ny malahelo tsy handoa latsaka, raha mandoa ny fanatitra ho an'i

	Jehovah izy, hanavotra ny ainareo.
Eksodosy 30:16	Ary handray ny vola avotra amin'ny Zanak'Isiraely ianao, ka hataonao amin'ny fanompoana ao amin'ny trano-lay fihaonana; ary ho fahatsiarovana ho an'ny Zanak'Isiraely eo anatrehan'i Jehovah izany, ho avotry ny ainareo.
Levitikosy 11:10	fa izay rehetra tsy misy vombony sy kirany kosa, na ao anatin'ny ranomasina, na ao anatin'ny ony, na amin'izay rehetra mihetsiketsika ao anaty rano sy amin'ny zava-manan'aina izay ao anaty rano; fahavetavetana aminareo ireny;
Levitikosy 11:46	Izany no lalàna ny amin'ny biby sy ny vorona sy ny zava-manan'aina rehetra izay mihetsiketsika ao anaty rano ary ny zava-manan'aina rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany,
Levitikosy 17:11	Fa ny ain'ny nofo dia amin'ny rà; ary nomeko anareo izany hatao ambonin'ny alitara hanao fanavotana ho an'ny ainareo, fa ny rà no manao fanavotana, satria aina izany.
Levitikosy 26:16	Izaho kosa dia hanao izao aminareo hanisy fampitahorana aminareo Aho, dia areti-mahasahozanina sy tazo mahamay, izay manimba ny maso sy mandany ny aina; ary hafafinareo foana ny voan-javatrareo, fa ny fahavalonareo no hihinana azy.
Levitikosy 26:26	Raha tapahiko ny vary, izay tohan'ainareo, dia fanendasa-mofo iray ihany no hanendasan'ny vehivavy folo ny mofonareo, ary an-danjany no hizarany azy, dia hihinana ianareo, fa tsy ho voky.
Nomery 11:6	Fa izao dia maina ny ainay: tsy misy na inona na inona eto imasonay afa-tsy ny mana ihany.
Nomery 31:50	koa nitondra fanatitra ho an'i Jehovah izahay, dia ny firavaka volamena efa azonay avy, dia fehin-tanana sy haba sy peratra fanombohan-kase sy kavina ary voavola, hanaovana fanavotana ho an'ny ainay eo anatrehan'i Jehovah.
Nomery 34:11	dia hidina hatrany Sefama ka hatrany Ribla any atsinanan'i Aina, dia mbola hidina ihany koa ka hipaka amin'ny Ranomasin'i Kinereta atsinanana,
Deutoronomia 11:6	ary izay nataony tamin'i Datana sy Abirama, zanak'i Eliaba, zanak'i Robena, teo amin'ny Isiraely rehetra, dia izay nisokafan'ny tany sy nitelemany azy mbamin'ny ankohonany sy ny

	lainy ary ny zava-manan'aina izay nomba azy;
Deutoronomia 12:23	Kanefa tandremo tsara mba tsy hohaninao ny rà, fa ny rà no aina, ary tsy mahazo mihinana ny aina amin'ny hena ianao.
Deutoronomia 13:7	Raha mitaona anao mangingina ny rahalahinao, zanaky ny reninao, na ny zanakaolahy, na ny zanakao-vavy, na ny vady andefimandrinao na ny sakaizanao izay toy ny ainao, ka manao hoe: Andeha isika hanompo andriamani-kafa (izay tsy fantatrao, na ny razanao),
Deutoronomia 17:8	Raha misy teny sarotra loatra amin'ny fitsarana ka tsy efanao, na ny amin'ny mahafaty aina, na ny ady na ny vonoana, izay iadiana ao antanànao, dia miaingà ianao, ka miakara any amin'ny tany izay hofidin'i Jehovah Andriamanitrao.
Deutoronomia 19:21	Dia tsy hiantra azy ny masonao; fa aina no hataonao solon'ny aina, maso solon'ny maso, nify solon'ny nify, tanana solon'ny tanana, tongotra solon'ny tongotra.
Deutoronomia 24:6	Aza misy olona maka ny fikosoham-bary ho tsatòka, na ny vatony ambony aza; fa maka aina ho tsatòka izany.
Deutoronomia 28:66	Ar ny ainao hihevingevina eo anatrehanao; dia hatahotra andro aman'alina ianao ka tsy hanampo izay ho velona.
Josoa 2:13	fa hovelominareo ny raiko sy ny reniko sy ny anadahiko sy ny rahavaviko ary izay rehetra mety ho azy; dia hamonjy ny ainay tsy ho faty ianareo.
Josoa 2:14	Dia hoy izy roa lahy taminy: Ny ainay no ho faty hisolo anareo, raha tsy holazainareo izao raharahanay izao; ary raha omen'i Jehovah anay ny tany, dia hamindra fo sy hanao izay marina aminao izahay.
Josoa 15:32	sy Lebaota sy Silima sy Aina sy Rimona; sivy amby roa-polo ny tanàna rehetra sy ny zana-bohiny.
Josoa 19:7	sy Aina sy Rimona sy Etera sy Asana: tanàna efatra sy ny zana-bohiny;
Josoa 21:16	ary Aina sy ny tany manodidina azy ary Jota sy ny tany manodidina azy ary Beti-semesy sy ny tany manodidina azy: tanàna sivy avy tamin'ireo firenena roa ireo;
Rota 4:15	Dia hamelona ny ainao sy hitaiza anao izy,

	rehefa antitra ianao; fa niteraka azy ny vinantonaovavy, izay tia anao, ilay tsara lavitra aminao mihoatra noho ny zanaka fito lahy.
1 Samoela 1:26	Ary hoy Hana: Tompoko ô, raha velona koa ny ainao, tompoko, izaho ilay vehivavy nitsangana teto anilanao ka nivavaka tamin'i Jehovah.
1 Samoela 4:20	Ary rehefa nadiva hiala aina izy, dia niteny ireo vehivavy nitsangana teo anilany ka nanao taminy hoe: Aza matahotra, fa velon-dahy ianao. Fa tsy namaly na nihaino izany izy.
1 Samoela 17:55	[Ny nitœran'i Davida tao amin'i Saoly, sy ny nialonan'i Saoly azy] Ary nony nahita an'i Davida nandeha hiady tamin'ny Filistina Saoly, dia hoy izy tamin'i Abnera, komandin'ny miaramila: Ry Abnera, zanak'iza moa iny zaza iny? Ary hoy Abnera: Raha velona koa ny ainao, ry mpanjaka, tsy fantatro velively.
1 Samoela 19:11	Ary Saoly naniraka olona hankany amin'ny tranon'i Davida hiambina azy hahafaty azy raha maraina; fa Mikala, vadin'i Davida, nilaza taminy hoe: Raha tsy mamonjy ny ainao anio alina ianao, dia hatao maty raha maraina.
1 Samoela 22:23	Tomœera ety amiko, ka aza matahotra; fa izay mikatsaka ny aiko no mikatsaka ny ainao koa; fa eto amiko no hahavoavonjy anao.
1 Samoela 25:29	Nefa raha misy olona mitsangana hanenjika anao ka mitady ny ainao, dia hofehezina amin'ny fehin'aina ao amin'i Jehovah Andriamanitra ny fanahin'ny tompoko, fa ny fanahin'ny fahavalonao kosa dia hatorany toy ny eo amin'ny foitran'antsamotady.
1 Samoela 26:24	Ary, indro, fa tahaka ny nanaovako ny aina ho lehibe androany no mba hanaovan'i Jehovah ny aiko ho lehibe kosa ka hanafahany ahy amin'ny fahoriana rehetra.
2 Samoela 4:8	Ary nitondra ny lohan'Isboseta tany amin'i Davida tao Hebrona izy ka nanao tamin'ny mpanjaka hoe: Indro ny lohan'Isboseta, zanak'i Saoly fahavalonao, izay nitady ny ainao; fa Jehovah efa namaly an'i Saoly sy ny taranany androany noho ny amin'ny mpanjaka tompoko.
2 Samoela 11:11	Fa hoy Oria tamin'i Davida: Ny fiara sy ny Isiraely ary ny Joda mitœtra amin'ny trano rantsan-kazo; ary Joaba tompoko sy ny mpanompon'ny tompoko mitoby any an-tsaha, ka izaho kosa va hody any an-tranoko hihinana

	<p>sy hisotro ary handry amin'ny vadiko? Raha velona koa ianao, ary raha velona koa ny ainao, tsy hanao izany aho.</p>
2 Samoela 14:19	<p>Ary hoy ny mpanjaka: Moa saina nomen'i Joaba va izany rehetra lazainao izany*? Dia hoy ny navalin-dravehivavy: Raha velona koa ny ainao, ry mpanjaka tompoko, tsy misy mivily izay rehetra nolazain'ny mpanjaka tompoko na ho amin'ny ankavanana na ho amin'ny ankavia; fa Joaba mpanomponao tokoa no nandidy ahy sy nanome izany teny rehetra izany ny mpanompovavinao.[Heb. Moa ny t`anan'i Joaba va no ainao amin'izany rehetra izany?]</p>
2 Samoela 16:14	<p>Ary dia tonga tao ny mpanjaka sy ny vahoaka rehetra izay nanaraka azy sady efa reraka*, ka dia naka aina teo izy.[Na: Ary tonga tao Aiefima ny mpanjaka sy ny vahoaka rehetra izay nanaraka azy]</p>
2 Samoela 19:6	<p>Ary niditra tao amin'ny mpanjaka tao an-trano Joaba ka nanao hœ: Efa nomenarinao androany ny mpanomponao rehetra izay namonjy ny ainao androany sy ny ain'ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy ary ny ain'ny vadinao sy ny vaditsindranonao;</p>
1 Mpanjaka 1:12	<p>Koa etsy homeko saina ianao hamonjenao ny ainao sy ny ain'i Solomona zanakao.</p>
1 Mpanjaka 19:2	<p>Ary Jezebela naniraka olona tany amin'i Elia hanao hœ: Hataon'ireo andriamanitra amiko anie izany, eny, mihoatra noho izany aza, raha tsy hataoko toy ny ain'ny anankiray amin'ireny ny ainao raha maraina toy izao.</p>
1 Mpanjaka 20:31	<p>Fa hoy ny mpanompony taminy: Indro, efa renay fa mpanjaka mamindra fo ireo mpanjakan'ny taranak'Isiraely. Koa masina ianao, avelao hosikinanay lamba fisaonana* ny valahanay, ary hasianay mahazaka ny lohanay, dia hankany amin'ny mpanjakan'ny Isiraely izahay; angamba hovelominy ny ainao. [Heb. lamba malailay]</p>
1 Mpanjaka 20:39	<p>Ary nony nandalo ny mpanjaka, dia nitaraina taminy ilay mpaminany ka nanao hœ: Izaho mpanomponao nankany anatin'ny ady; ary, indro, nisy lehilahy anankiray nivily ka nitondra lehilahy tany amiko sady nanao hœ: Hazony ity lehilahy ity; fa raha tahiny lasa izy, dia ny ainao no hisolo ny amy, na handoa talenta volafotsy iray ianao.</p>

1 Mpanjaka 20:42	Dia hoy izy taminy: Iza no lazain'i Jehovah: Satria nalefanao niala teo an-tananao ny lehilahy izay nasaiko hovoanina* tokoa, dia ny ainao no hisolo ny ainy, ary ny olonao no hisolo ny olony. [Heb. nataoko herema]
2 Mpanjaka 2:2	Ary hoy Elia tamin'i Elisa: Masina ianao, mijanona eto; fa Jehovah efa naniraka ahy hatrany Betela. Fa hoy Elisa: Raha velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny ainao, tsy handao anao mihitsy aho. Ka dia nidina nankany Betela izy roa lahy.
2 Mpanjaka 2:4	Ary hoy Elia taminy: Masina ianao, ry Elisa, mijanona eto; fa Jehovah efa naniraka ahy ho any Jeriko. Fa hoy Elisa: Raha velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny ainao, tsy handao anao mihitsy aho. Ka dia tonga tany Jeriko izy roa lahy.
2 Mpanjaka 2:6	Ary hoy Elia taminy: Masina ianao, mijanona eto; fa Jehovah efa naniraka ahy ho any Jordana. Fa hoy Elisa: Raha velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny ainao, tsy handao anao mihitsy aho. Ary dia lasa nandeha izy roa lahy.
2 Mpanjaka 4:30	Ary hoy ny renin'ny zazalahy: Raha velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny ainao, dia tsy hiala aminao mihitsy aho. Ary ilay lehilahin'Andriamanitra nitsangana ka nanaraka azy.
1 Tantara 4:32	Ary ny zana-bohiny dia Etama sy Aina sy Rimona sy Tokena ary Asana, tanana dimy ireo,
2 Tantara 19:10	Na inona na inona no ady avy amin'ny rahalahinareo izay monina amin'ny tananany, na ny amin'ny mahafaty aina, na ny amin'ny hevitra ny lalana sy ny didy ary ny fitsipika samy hafa, dia anaro izy mba tsy ho meloka amin'i Jehovah, fandrao iharan'ny fahatezerana ianareo sy ny rahalahinareo; izany no ataovy, dia tsy ho meloka ianareo.
Joba 3:11	Nahoana re aho no tsy maty hatrany am-bohoka e, ary tsy niala aina, fony vao nivoaka avy tany an-kibo e?
Joba 3:26	Tsy mbola nahita fiadanana na fitsaharana na fakana aina akory aza aho, dia tonga indray ny tebiteby.
Joba 9:18	Sady tsy avelany haka aina akory aho, fa vokisany zava-mangidy.
Joba 10:12	Aina sy famindram-po no nomenao ahy; Ary ny

	fiahiana no niaro ny aiko.
Joba 10:18	Ka nahoana no namoaka ahy foana avy tany am-bohoka Hianaos? Fa raha tsy izany, dia ho niala aina aho, ka tsy mba nisy maso nahita ahy akory.
Joba 10:20	Tsy vitsy va ny androko? Koa mitsahara Hianaos, mihataha mba hakako aina kely,
Joba 11:20	Fa ny mason'ny ratsy fanahy kosa ho pahina, ka ho very avokoa ny fiarovana azy, ary ny fialàna aina ihany no hany sisa azony antenaina.
Joba 12:10	Izay mitana ny ain'ny zava-manan'aina rehetra sy ny fofonain'ny olombelona rehetra?
Joba 13:19	Iza no hahazo hifandahatra amiko? Fa raha izany, dia hangina aho ka hiala aina.
Joba 14:10	Fa ny olona kosa maty ka miampatra; Eny, miala aina ny olona, ary aiza izy?
Joba 20:18	Tsy azony atelina izay nikelezany aina, fa tsy maintsy hampodiny; Na dia be aza ny haren'ny, dia tsy ho araka izany ny hafaliany.
Joba 29:18	Dia hoy izaho: Eo amin'ny akaniko ihany no hialako aina, ary hanamaro ny androko toy ny fasika aho.
Joba 33:22	Dia manakaiky ny lavaka ny fanahiny, ary ny ainy manatona ny mpaka aina.
Joba 33:30	Mba hamerina ny fanahiny tsy ho* any andavaka, mba hihazavany amin'ny fahazavan'aina.[Na: hiala]
Salamo 16:11	Hampahafantatra ahy ny lalan'aina Hianaos; fa havokisam-pifaliana no eo anatrehanaos, ary fahafinaretana no eo an-tananaos an-kavanana mandrakizay.
Salamo 21:4	Aina no nangatahiny tamin'ny, dia nomenaos azy izany, dia andro lava mandrakizay doria.
Salamo 36:9	Fa ao amin'ny no misy loharanon'aina; ny fahazavanaos no hahitanay fahazavana.
Salamo 56:13	Fa efa nanafaka ny fanahiko tamin'ny fahafatesana Hianaos; eny, nanafaka ny tongotro Hianaos mba tsy ho solafaka. Handehanako eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fahazavan'ny velona*.[Na: fahazavan'aina]
Salamo 63:3	Fa tsara noho ny aina ny famindram-ponaos; ny molotro hidera Anaos.
Salamo 69:9	Fa ny firehetako ny amin'ny tranonao no naharitra aina ahy; ary ny latsa nataon'izay

	nandatsa Anao dia nihatra tamiko.
Salamo 103:4	Izay manavotra ny ainao tsy hidina any andavaka, Izay manarona famindram-po sy fiantrana anao,
Salamo 105:16	Dia niantso ny mosary ho amin'ny tany Izy; Notapahiny avokoa ny mofo rehetra, izay tohan'aina;
Salamo 119:121	[AINA] Manaraka ny fitsipika sy ny fahamarinana aho; Aza manolotra ahy ho amin'ny mpampahory ahy.
Salamo 119:139	Efa maharitra aina ahy ny fahasaro-piaroko, Satria nanadino ny teninao ny mpandrafy ahy.
Ohabolana 2:19	Tsy misy afa-miverina izay mankany aminy, Na mihazo amin'ny lalan'aina,
Ohabolana 3:18	Hazon'aina ho an'izay rehetra mifikitra aminy izy; Ary izay rehetra mitana azy no hatao hoe sambatra.
Ohabolana 4:13	Tano mafy ny fananarana, ka aza avela hiala; Hazony izy, fa ainao.
Ohabolana 4:22	Fa aina ho an'ny mahazo azy izy Ary fahasalamana ho an'ny nofony rehetra.
Ohabolana 4:23	Tandremo ny fonao mihoatra noho izay rehetra tokony hotandremana; Fa avy ao aminy no ihavian*ny aina. [Heb. fivoahan']
Ohabolana 5:6	Tsy mahazo mandia ny lalan'aina mihitsy izy, Fa manjenjena, ka tsy fantany akory izay halehany.
Ohabolana 6:23	Fa jiro ny didy, ary fanazavana ny lalàna, Ary lalan'aina ny anatra famaizana,
Ohabolana 6:26	Fa noho ny vehivavy mpijangajanga no mila tsy hananan'ny lehilahy sombi-mofo, Ary ny amin'ny vadin'ny olona no mihaza ny aina soa.
Ohabolana 10:11	Loharanon'aina ny vavan'ny marina; Fa loza no mandrakotra ny vavan'ny ratsy fanahy*. [Izahao and. 6]
Ohabolana 11:30	Ny vokatry ny marina dia hazon'aina, Ary ny hendry dia mahataona olona.
Ohabolana 13:12	Ny fanantenana tsy azo vetivety dia mankarary am-bavafo; Fa hazon'aina ny faniriana tanteraka.
Ohabolana 13:14	Ny fampianaran'ny hendry dia loharanon'aina Ka mampivily tsy ho ao amin'ny fandriky ny fahafatesana.
Ohabolana 14:27	Ny fahatahorana an'i Jehovah no loharanon'aina, Hanalavirana ny fandriky ny fahafatesana.

Ohabolana 15:4	Ny teny* malemy dia hazon'aina; Fa ny vava ratsy mandratra ny fanahy.[Heb. lela]
Ohabolana 15:24	Làlan'aina ho any ambony no alehan'ny hendry, Hanalavirany ny fiainan-tsi-hita* any ambony, [Heb. Sheola]
Ohabolana 16:22	Loharanon'aina ny fahazavan-tsaina amin'izay manana izany; Fa ny famaizana ataon'ny adala dia fahadalana ihany.
Ohabolana 22:25	Fandrao ianao mianatra ny fanaony Ka mahazo fandrika ho an'ny ainao.
Mpitoriteny 2:17	Dia efa halako ny aina, satria nataoko ho ratsy ny asa atao aty ambanin'ny masoandro; fa zava-poana sy misambo-drivotra* foana izy rehetra. [Na: Homan-drivotra]
Mpitoriteny 8:17	dia hitako avokoa ny asan'Andriamanitra, fa tsy takatry ny sain'ny olona ny asa atao aty ambanin'ny masoandro; koa na dia mikely aina hitady izany aza ny olona, tsy ho hitany; eny, na ny hendry aza no manao hahafantatra izany, dia tsy ho azony fantarina akory.
Mpitoriteny 10:19	Ataony laolao ny hanina, ary ny divay no maharavoravo ny aina, ary ny vola no hahazoana ny zavatra rehetra.
Isaia 3:1	Fa, indro, Jehovah, Tompon'ny maro, Manaisotra amin'i Jerosalema sy Joda izay andry sy tohana rehetra: Dia ny mofa sy ny rano rehetra, izay tohan'aina,
Isaia 43:4	Satria malala eo imasoko ianao, eny, be voninahitra ianao sady tiako, dia olona no omeko ho solonao, ary firenena ho solon'ny ainao.
Isaia 57:10	Noho ny halavitry ny nalehanao dia sasatra ianao, nefa ianao tsy niteny hœ: kivy aho izany! Nahazo aina ny tananao, ka dia tsy nahatsiaro reraka ianao.
Isaia 57:16	Fa tsy hifandahatra mandrakariva Aho ary tsy ho tezitra mandrakizay; Fandrao ho reraka eo anatrehako ny fanahy, dia ny aina* izay nataoko. [Heb. fofonaina]
Jeremia 2:13	Fa zava-dratsy roa loha no nataon'ny oloko: Efa nahafoy Ahy, loharanon'aina, izy ka nihady lavaka famorian-drano ho an'ny tenany, nefa lavaka mitriatriatra tsy mahatan-drano.
Jeremia 4:10	Dia hoy izaho: Indrisy, Jehovah Tompo ô! Efa nofitahinao tokoa ity firenena ity sy Jerosalema

	tamin'ny nanaovanao hœ: Hisy fiadanana ho anareo; Kanjo mihatra amin'ny aina ny sabatra.
Jeremia 4:18	Ny alehanao sy ny asanao no nahatonga izany taminao; Izany no faharatsiana, eny, mangidy izany sady mihatra amin'ny ainao.
Jeremia 4:30	Ary hanao ahoana ianao, ry ilay rava? Na dia miakanjo jaky aza ianao, na dia miravaka volamena aza ianao, na dia hosoranao loko mainty aza ny masonao, foana ny itadiavanao hahatsara tarehy anao; Hanifika anao ireo lehilahy tia anao, ka ny ainao aza no hotadiaviny.
Jeremia 10:14	Efa ketrina avokoa ny olona rehetra ka tsy manam-pahalalana; Menarina noho ny sarin-javatra voasokitra ny mpanefy volamena rehetra; Fa fitaka ny sarin-javatra an-idina, sady tsy misy fofon'aina ao aminy.
Jeremia 11:21	Koa izao no lazain'i Jehovah ny amin'ny mponina ao Anatota, izay mitady ny ainao ka manao hœ: Aza maminany amin'ny anaran'i Jehovah, fandrao matin'ny tananay ianao,
Jeremia 15:9	Izay niteraka fito dia mihaosa, miala aina izy, milentika mbola antoandro ny masoandrony, menarina sy mangaihay izy; Ary izay sisa aminy dia hatolotro ho voan'ny sabatra eo anoloan'ny fahavalony, hoy Jehovah.
Jeremia 22:25	Ka hatolotro eo an-tànan'izay mitady ny ainao sy eo an-tànan'izay atahoranao, dia eo an-tànan'i Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona, sy eo amin'ny tanan'ny Kaldeana.
Jeremia 38:16	Ary Zedekia mpanjaka nianiana mangingina tamin'i Jeremia nanao hœ: Raha velona koa Jehovah, Izay nanao izao fanahintsika izao, dia tsy hamono anao tokoa aho, na hanolotra anao eo an-tànan'ireto olona mitady ny ainao ireto.
Jeremia 38:17	Dia hoy Jeremia tamin'i Zedekia: Iza ary no lazain'i Jehovah, Andriamanitry ny maro, Andriamanitry ny Isiraely: Raha mivoaka hanatona ny mpanapaky ny mpanjakan'i Babylona tokoa ianao, dia ho velona ny ainao, sady tsy hodorana amin'ny afo ity tanàna ity, fa ho velona ianao sy ny mpianakavinao;
Jeremia 38:20	Fa hoy Jeremia: Tsy hanolotra anao izy tsy akory. Trarantitra ianao, ankatoavy ny tenin'i Jehovah, izay lazaiko aminao, mba hahita soa ianao, ka ho velona ny ainao.

Jeremia 39:18	Fa hovonjeko tokoa ianao ka tsy holavontsabatra; eny, ny ainao no ho babonao, satria efa natoky Ahy, hoy Jehovah.
Jeremia 42:20	Kanjo efa nivily ianareo ka nahavoa ny ainareo tamin'ny nanirahanareo ahy ho amin'i Jehovah Andriamanitrareo hanao hoe: Mba ivavaho amin'i Jehovah Andriamanitsika re izahay, ary izay rehetra holazain'i Jehovah Andriamanitsika dia ambarao aminay, fa hataonay.
Jeremia 44:7	Koa izao no lazain'i Jehovah, Andriamanitry ny maro, dia Andriamanitry ny Isiraely: Ahoana no anaovanareo izao ratsy lehibe singotry ny ainareo izao, haharingana ny lehilahy sy ny vehivavy, ny ankizy madinika sy ny zaza minono ao amin'ny Joda tsy hahamisy miangana anareo,
Jeremia 45:5	Mitady zavatra lehibe ho anao va ianao? aza mitady izany! fa, indro, hahatonga loza ho amin'ny nofo rehetra Aho, hoy Jehovah; fa raha ny ainao dia homeko anao ho babonao ihany any amin'izay rehetra nalehanao.
Jeremia 48:6	Mandosira, vonjeo ny ainareo. Ary aoka ho tahaka ny olona mahantra* any an-efitra ianareo. [Na: ny anjavidy]
Jeremia 51:6	Mandosira hiala an'i Babylona ianareo, ary samia mamonjy ny ainareo avy; Aoka tsy ho voaringana noho ny fahotany ianareo; Fa izao no andro famalian'i Jehovah, Izy no hamaly azy.
Jeremia 51:17	Efa ketrina avokoa ny olona rehetra ka tsy manam-pahalalana; Menarina ny mpanefy volamena rehetra noho ny amin'ny sarin-javatra voasokitra; Fa fitaka ny sarin-javatra an-idina, satria tsy misy aina ao aminy.
Jeremia 51:45	Mivoaha avy ao afovoany ianareo, ry oloko, ary samia mamonjy ny ainareo avy ianareo, mba tsy ho azon'ny firehetan'ny fahatezeran'i Jehovah.
Fitomaniana 1:19	Nantsoiko ireo tia ahy, fa nofitahiny aho; Ny mpisoroko sy ny loholoko niala aina tao antanana, Tamin'ny nitadiavany hanina hamelombelona ny ainy.
Fitomaniana 2:12	Raha ana toy ny voatrobaka eny an-kalalahana ao an-tanana izy, na miala aina eo am-pofondreniny, dia manontany an-dreniny hoe izy: aiza izay vary sy divay?
Fitomaniana 3:49	[AINA] Ny masoko mandrotsa-dranomaso ka tsy mijanona, eny, tsy misy fiatoana,

Fitomaniana 5:9	Noho ny sabatra mamely any an-efitra dia manao vy very ny ainay izahay vao mahazo hanina.
Ezekiela 1:5	Ary teo aminy koa nisy toa endriky ny zava-manan'aina efatra. Ary ny fikery azy dia hoatra ny endrik'olona.
Ezekiela 1:13	Ary tahaka ny vainafo mirehitra ny fijery ny zava-manan'aina, dia tahaka ny fijery ny fanilo; nivoivoy teny anelanelan'ny zava-manan'aina ny afo; ary namirapiratra ny afo, sady nisy helatra nivoaka avy tao aminy.
Ezekiela 1:14	Ary ny zava-manan'aina nifanaresaka nankary nankatsy toy ny helatra mifelopeloka.
Ezekiela 1:15	Ary hitako ny zava-manan'aina, fa, indro, nisy kodia iray avy teo ambonin'ny tany, teo anilan'ny zava-manan'aina teo anoloan'ny tarehiny efatra.
Ezekiela 1:19	Ary raha nandeha ny zava-manan'aina, dia nandeha teo anilany koa ny kodia; ary raha niainga tsy nipaka tamin'ny tany ireo zava-manan'aina, dia mba niainga koa ny kodia.
Ezekiela 1:20	Na aiza na aiza no tian'ny fanahy ho naleha dia nalehan'ireo koa; fa any koa no mba tian'ny fanahy haleha, ary ny kodia dia niainga teo anilany; fa teo amin'ny kodia ny fanahin'ny zava-manan'aina.
Ezekiela 1:21	Raha nandeha ireny, dia mba nandeha koa ireto; ary raha nijanona ireny, dia mba nijanona koa ireto; ary raha niainga tsy nipaka tamin'ny tany ireny, dia mba niainga teo anilany koa ny kodia; fa ny fanahin'ny zava-manan'aina dia tao amin'ny kodia.
Ezekiela 1:22	Ary teo ambonin'ny lohan'ny zava-manan'aina dia nisy toa endriky ny eloelo, toy ny volon'ny krystaly mahatahotra, mivelatra eo ambonin'ny lohany.
Ezekiela 3:13	Ary reko koa ny fikopakopaky ny elatry ny zava-manan'aina, izay nifanendry, sy ny fidilodilotry ny kodia teo anilany sy ny horakoraka be.
Ezekiela 4:16	Ary hoy koa Izy tamiko: Ry zanak'olona, indro, hotapahiko any Jerosalema ny mofo, tohan'aina, ka an-danjany amin'ny fanahiana no hihinanany mofo; ary rano afâtra no hosotroiny amin'ny fahatahorana.
Ezekiela 5:16	raha alefako ho fandranganana azy ny mosary

	dia ny zana-tsipika ratsy izay halefako handringana anareo, sady hampitomboiko ny mosary eo aminareo, ka hotapahiko ny mofonareo, izay tohan'aina.
Ezekiela 10:15	Ary niakatra ny kerobima. Izany dia ilay zava-manan'aina hitako teo amoron'ny ony Kebara ihany.
Ezekiela 10:17	Raha nijanona izy, dia mba nijanona koa ireo, ary raha niainga izy, dia mba niainga koa ireo: fa ny fanahin'ny zava-manan'aina no tao aminy.
Ezekiela 10:20	Izany dia ilay zava-manan'aina hitako teo ambanin'Andriamanitry ny Isiraely teo amoron'ny ony Kebara; ary fantatro fa kerobima ireo.
Ezekiela 22:27	Toy ny amboa-dia* mamiravira haza ny lehibeny ao aminy ka mandatsa-drà sy mahafaty aina ary mahazo harena amin'ny tsy marina.[Na: lopa]
Ezekiela 33:9	Fa raha mananatra ny ratsy fanahy ihany kosa ianao hiala amin'ny lalany ratsy; fa izy no tsy mety miala amin'izany, dia ho fatin'ny helony ihany izy, nefa voavonjinao ny ainao.
Ezekiela 47:1	[Ny amin'ny onin'ny ranon'aina] Dia nentiny niverina ho eo amin'ny varavaran'ny trano aho; ary, indro, nisy rano niboika avy eo atsinanana eo ambanin'ny tokonan'ny trano; fa manatrika ny atsinanana ny trano, ary ny rano nidina avy teo ambanin'ny lafiny ankavanan'ny trano teo atsimon'ny alitara.
Ezekiela 47:9	Ary ny zava-manan'aina rehetra sesehena na aiza na aiza alehan'ny ony tondraka* dia ho velona, ka hisy hazandrano sesehena; fa nony tonga ao ity rano ity, dia ho sitrana izy, ary ho velona izay rehetra hidiran'ny ony.[Heb. ony roa]
Daniela 5:23	fa niavonavona tamin'ny Tompon'ny lanitra ianao; ary ny fanaky ny tranon'Andriamanitra dia nentina eto anatrehanao, ary ianao sy ny mpanolo-tsainao sy ny vadinao mbamin'ny vaditsindranonao nisotro divay taminy; ary ianao nankalaza ny andriamanitra volafotsy sy volamena sy varahina sy vy sy hazo ary vato, izay tsy mahita, na mandre, na mahalala; fa Andriamanitra Izay mitana ny ainao sady Tompon'ny alehanao rehetra dia tsy mba nankalazainao.
Daniela 10:17	Fa aiza no ahazoan'ity izaho mpanompon'ny

	tompoko ity hiteny aminao tompoko? Ary tamin'izay dia tsy nisy hery nitoetra tato amiko intsony, na nisy aina sisa tato amiko.
Joela 4:10	Tefeo ho sabatra ny fangadinareo, ary ho lefona ny antsinareo fanetezam-boaloboka; Aoka izay kelikely aina hihiaka hœ: Mahery aho!
Habakoka 2:10	Efa namoron-tsaina izay hahatonga henatra ho an'ny taranakao ianao, Dia ny handringanana firenena maro; Ary nankahà-doza hihatra amin'ny ainao ianao.
Matio 6:25	Ary noho izany dia lazaiko aminareo hœ: Aza manahy ny amin'ny ainareo, dia izay hohaninareo na izay hosotroinareo, na ny amin'ny tenanareo, dia izay hotafinareo. Moa ny aina tsy mihoatra noho ny hanina va, ary ny tena noho ny fitafiana?
Marka 3:4	Ary hoy koa Izy tamin'ny olona: Inona moa no mety hatao amin'ny Sabata, ny manao soa va, sa ny manao ratsy? ny mamonjy aina va, sa ny mahafaty? Fa tsy nety niteny ny olona.
Lioka 5:5	Fa Simona namaly ka nanao hœ: Tompoko, mandritra ny alina no efa nikelezanay aina, nefa tsy nahazo na inona na inona; kanefa noho ny teninao; dia halatsako ihany ny harato.
Lioka 6:9	Ary hoy Jesosy tamin'ireo: Manontany anareo Aho: Moa ny manao soa va no mety hatao amin'ny Sabata, sa ny manao ratsy? ny mamonjy aina va, sa ny mahavery aina?
Lioka 12:22	Ary hoy Jesosy tamin'ny mpianany: Noho izany dia lazaiko aminareo hœ: Aza manahy ny amin'ny ainareo, izay hohaninareo, na ny amin'ny tenanaren, izay hotafinareo.
Lioka 12:23	Fa ny aina mihoatra noho ny hanina, ary ny tena noho ny fitafiana.
Lioka 21:19	Amin'ny faharetanareo no hahatananareo ny ainareo.
Jaona 2:17	Ary ny mpianany nahatsiaro fa voasoratra hœ: Ny firehetako ny amin'ny tranonao no haharitra aina ahy (Sal. 69. 9).
Jaona 6:35	Hoy Jesosy taminy: Izaho no mofon'aina; izay manatona Ahy tsy mba ho noana, ary izay mino Ahy tsy mba hangetaheta intsony.
Jaona 6:48	Izaho no mofon'aina.
Jaona 8:12	Ary Jesosy niteny tamin'ny olona indray ka nanao hœ: Izaho no fahazavan'izao tontolo izao;

	izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina.
Jaona 13:38	Jesosy namaly hoe: Ny ainao va no hafoinao noho ny amiko? Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Tsy mbola hisy akoho haneno mandra-pandànao Ahy intelo.
Asan'ny Apostoly 2:28	Nampahafantatra ahy ny lalan'aina Hianao; Hampifaly ahy indrindra amin'ny tavanao (Sal. 16. 8-11).
Asan'ny Apostoly 3:15	fa ny Tompon'ny aina kosa no novonoinareo; fa Izy natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty, ary vavolombelon'izany izahay.
Asan'ny Apostoly 17:25	sady tsy mba tompoin'ny tàmnan'olona toa mila zavatra, fa Izy ihany no manome izao rehetra izao aina sy fofon'aina ary ny zavatra rehetra;
Asan'ny Apostoly 20:10	Ary Paoly nidina, dia niankohoka taminy sy nanohona azy ka nanao hoe: Aza mihorikorika ianareo, fa mbola misy aina ihany izy.
Asan'ny Apostoly 24:16	Ary amin'izany dia mikely aina koa aho mba hanana fieritreretana tsy manameloka ahy na amin'Andriamanitra na amin'olombelona mandrakariva.
Asan'ny Apostoly 28:4	Ary raha hitan'ny tompon-tany ny biby niraikitra tamin'ny tàmnan'ny, dia niresaka hoe izy: Mpamono olona tokoa io lehilahy io, ka na dia voavonjy tamin'ny ranomasina aza izy, tsy avelan'ny todin'aina ho velona.
Romana 8:2	Fa ao amin'i Kristy Jesosy ny lalàn'ny Fanahin'aina no nahafaka ahy tamin'ny lalàn'ny fahotana sy ny fahafatesana.
Romana 16:6	Veloma amin'i Maria, izay nikely aina fatratra ho anareo.
Romana 16:12	Veloma amin'i Tryfena sy Tryfosa, izay mikely aina ao amin'ny Tompo. Veloma amin'i Perysa malala, izay nikely aina fatratra ao amin'ny Tompo.
1 Korintiana 14:7	Ary ny zavatra tsy manana aina, na sodina, na lokanga, na dia maneno aza, raha tsy manao feo samy hafa, ahoana no hahafantarana izay ataony, na amin'ny sodina, na amin'ny lokanga?
1 Korintiana 15:30	Ary nahoana izahay no manao vy very ny ainay mandrakariva?
1 Korintiana 15:44	afafy tena araka ny fomban'aina izy, atsangana ho tena araka ny fombam-panahy. Raha misy tena araka ny fomban'aina, dia misy araka ny

	fombam-panahy koa.
1 Korintiana 15:45	Ary araka izany koa no voasoratra hoe: Adama voalohan-dahy natao manan'aina (Gen. 2. 7); Adama farany natao fanahy mahavelona.
1 Korintiana 15:46	Anefa tsy izay amin'ny fanahy no voalohany, fa izay amin'ny manan'aina, dia vao izay amin'ny fanahy.
1 Korintiana 15:58	Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrarao fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo.
1 Korintiana 16:16	mba hanaiky tsara ny olona tahaka ireny sy izay rehetra miara-miasa sy mikely aina koa ianareo.
2 Korintiana 1:8	Fa tsy tianay tsy ho fantatrarao, ry rahalahy, ny amin'ny fahoriana izay nanjo anay tany Asia, fa novesarana indrindra mihoatra noho ny zakanay izahay, ka dia efa nafoinay na dia ny ainay aza;
2 Korintiana 11:27	tamin'ny fiasarana sy ny fikelezan'aina, tamin'ny tsi-fahitan-tory matetika, tamin'ny hanoanana sy ny hetaheta, tamin'ny fifadiankanina matetika, tamin'ny hatsiaka sy ny fitanjahana.
Efesiana 4:28	Aoka izay nangalatra tsy hangalatra intsony; fa aleo hikely aina ka hiasa izay tsara amin'ny tanany, mba hisy homeny izay tsy manana.
Kolosiana 1:29	Ary ny hahatanteraka izany no ikelezako aina koa sy iezahako fatratra araka ny fiàsan'ny herin'ilay miasa mahery ato anatiko.
Kolosiana 4:12	Manao veloma anareo Epafra, ilay anankiray avy aminareo sady mpanompon'i Kristy Jesosy ary mikely aina mandrakariva amin'ny fangatahana ho anareo, mba hitoeranareo marina, ka hatoky tsara* amin'izay rehetra mety ho sitrapon'Andriamanitra. [* Na: ho tanteraka]
Kolosiana 4:13	Fa vavolombelony aho fa mikely aina fatratra ho anareo sy ho an'ny any Laodikia ary ho an'ny any Hierapolia izy.
1 Tesaloniana 1:3	sady tsy mitsahatra mahatsiaro ny asanareo amin'ny finoana sy ny fikelezanareo aina amin'ny fitiavana ary ny faharetanareo amin'ny fanantenana an i Jesosy Kristy Tompontosika eo imason'Andriamanitra Raintsika;
1 Tesaloniana 2:8	dia toy izany no nahazoto anay, noho ny fitiavanay anareo indrindra; hanome anareo, tsy

	ny filazantsaran'Andriamanitra ihany, fa ny ainay koa aza, satria efa malalanay ianareo.
1 Tesaloniana 2:9	Fa tsaroanareo, ry rahalahy, ny fikelezanay aina sy ny fiasaranay; fa niasa andro aman'alina, mba tsy hahavaky tratra na dia olona iray akory taminareo aza, no nitorianay ny filazantsaran'Andriamanitra taminareo.
1 Tesaloniana 3:5	Ary noho izany izaho koa, raha tsy naharitra intsony, dia naniraka hahafantatra ny finoanareo, fandrao sendra naka fanahy anareo ny mpaka-fanahy, ka ho foana ny nikelezanay aina.
1 Tesaloniana 5:12	[Fanantarana sy fanaovam-beloma] Ary mangataka aminareo izahay, ry rahalahy, mba hekenareo izay mikely aina eo aminareo sy mitondra anareo amin'ny Tompo ary mananatra anareo,
1 Tesaloniana 5:23	Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontosika.
2 Tesaloniana 3:8	ary tsy nihinana foana izay hanin'olona, fa niasa andro aman'alina tamin'ny fikelezan'aina sy ny fiasarana mba tsy hahavaky tratra na dia iray akory aminareo aza;
1 Timoty 4:10	Fa izany no ikelezanay aina sy iezahanay, satria izahay manantena an'Andriamanitra velona, Izay Mpamonjy ny olona rehetra, indrindra fa izay mino.
1 Timoty 4:15	Mazotoa hihevitra izany zavatra izany, dia mikeleza aina fatratra amin'izany, mba hiseho amin'ny olona rehetra ny fandrosoanao.
1 Timoty 5:17	Aoka ny loholona* izay mitondra tsara hatao tokony hahazo fanajana roa heny indrindra fa izay nikely aina amin'ny teny sy ny fampianarana. [* Gr. presbytera]
Hebreo 4:12	Fa velona sy mahery ny tenin'Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo.
Hebreo 6:19	izay ananantsika ho vatofantsiky ny aina sady mafy no tsy mihetsika ary miditra any anatin'ny efitra lamba;

Jakoba 4:14	kanefa tsy mahalala ny ho ampitso ianareo. Inona moa ny ainareo? Fa zavona ihany ianareo, izay miseho vetivety, dia levona.
2 Petera 2:12	Fa ireo kosa izay miteny ratsy ny zavatra tsy fantany (tahaka ny biby tsy manan-tsaina, fa zava-manan'aina fotsiny ihany, izay teraka ho fisambotra sy ho famono) dia haringana tokoa amin'ny fahalotoany,
Apokalypsy 2:2	Fantatro ny asanao sy ny fikelezanao aina sy ny faharetanao ary ny tsi-fahazakanao izay mpanao ratsy; ary ianao efa nizaha tœtra izay milaza ny tenany ho Apostoly, kanjo tsy izy, ary hitanao fa mpandainga izy;
Apokalypsy 2:7	Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana*. Izay maharesy dia havelako hihinana ny avy amin'ny hazon'aina, izay eo amin'ny Paradisan'Andriamanitra. [* Gr. eklesia]
Apokalypsy 4:6	Ary teo anoloan'ny seza fiandrianana dia nisy toa ranomasina fitaratra tahaka ny vato krystaly; ary teo afovoan'ny seza fiandrianana sy manodidina azy nisy zava-manan'aina efatra feno maso avokoa ny anoloany sy ny ivohony.
Apokalypsy 4:7	Ary ny zava-manan'aina voalohany dia tahaka ny liona, ary ny zava-manan'aina faharoa dia tahaka ny zanak'omby, ary ny zava-manan'aina fahatelo dia manana tava tahaka ny tavan'olona, ary ny zava-manan'aina fahefatra dia tahaka ny voromahery manidina.
Apokalypsy 4:8	Ary ny zava-manan'aina efatra dia samy nanana elatra enina avy, sady feno maso ny tenany rehetra manodidina ka hatrao anatin'ny; ary tsy mitsahatra andro aman'alina izy manao hœ: Masina, masina, masina ny Tompo Andriamanitra Tsitoha, Ilay taloha sy ankehitriny ary ho avy.
Apokalypsy 4:9	Ary raha ny zava-manan'aina hanome voninahitra sy haja ary fisaorana ho an'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, dia Izay velona mandrakizay mandrakizay,
Apokalypsy 5:6	Ary hitako fa, indro, teo afovoan'ny seza fiandrianana sy ny zava-manan'aina efatra ary teo afovoan'ny loholona* dia nisy Zanak'ondry nitsangana tahaka ny efa voavono, nanantandroka fito sy maso fito, dia ny Fanahy fiton'Andriamanitra nirahina hankany amin'ny tany rehetra. [* Gr. presbytera]

Apokalypsy 5:8	Ary rehefa nandray ny boky Izy, ny zava-manana-aina efatra sy ny loholona* efatra amby roa-polo dia niankohoka teo anatrehan'ny Zanak'ondry, sady samy nanana lokanga sy lovia volamena feno ditin-kazo manitra izy, dia vavaka ataon'ny olona masina izany. [* Gr. presbytera]
Apokalypsy 5:11	Ary nahita aho sady nandre feon'anjely maro manodidina ny seza fiandrianana sy ny zava-manan'aina ary ny loholona*, ary ny Isany dia alinalina sy arivoarivo, [* Gr. presbytera]
Apokalypsy 5:14	Ary ny zava-manan'aina efatra nanao hœ: Amena. Ary ny loholona* dia niankohoka ka nivavaka. [* Gr. presbytera]
Apokalypsy 6:1	[Ny namahana ny tombo-kase enina] Ary nahita aho, rehefa novahan'ny Zanak'ondry ny anankiray tamin'ny tombo-kase fito, ary reko ny anankiray tamin'ny zava-manan'aina efatra, tahaka ny fikotrokotroky ny kotrokorana, nanao hœ: Avia*. [* Ampio hœ: (ka izahao)]
Apokalypsy 6:3	Ary rehefa novahany ny tombo-kase faharoa, dia reko ny zava-manan'aina faharoa nanao hœ: Avia*. [* Ampio hœ: (ka izahao)]
Apokalypsy 6:5	Ary rehefa novahany ny tombo-kase fahatelo, dia reko ny zava-manan'aina fahatelo nanao hœ: Avia*. Ary hitako fa, indro, nisy soavaly mainty: ary izay nitaingina azy nitondra mizàna teny antànany. [* Ampio hœ: (ka izahao)]
Apokalypsy 6:6	Ary nahare aho, ka toa nisy feo teo afovoan'ny zava-manan'aina efatra nanao hœ: venty* ny vary tritika eran'ny fatam-bary kely**, ary venty* koa ny vary hordea intelon'ny fatam-bary**; ary aza manimba ny diloilo na ny divay ianao. [* Gr. denaria] [** Gr. koiniksa]
Apokalypsy 6:7	Ary rehefa novahany ny tombo-kase fahefatra, dia reko ny feon'ny zava-manan'aina fahefatra nanao hœ: Avia*. [* Ampio hœ: (ka izahao)]
Apokalypsy 7:11	Ary ny anjely rehetra nitsangana manodidina ny seza fiandrianana mbamin'ny loholona* sy ny zava-manan'aina efatra, dia niankohoka teo anoloan'ny seza fiandrianana izy ka nivavaka tamin'Andriamanitra [* Gr. presbytera]
Apokalypsy 7:17	Fa ny Zanak'ondry Izay eo afovoan'ny seza fiandrianana no ho Mpiandry azy ka hitondra azy ho amin'ny loharanon'ny ranon'aina; ary hofafan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra

	amin'ny masonry (Isa. 25. 8).
Apokalypsy 8:9	ary maty ny ampahatelon'ny zava-manan'aina tao an dranomasina; ary rava ny ampahatelon'ny sambo.
Apokalypsy 11:11	Ary rehefa afaka ny hateloan'andro sy tapany, dia nisy fanahin'aina avy tamin'Andriamanitra niditra tao anatin'ireo, ary nijoro tamin'ny tongony izy, ka raiki-tahotra indrindra izay nahita azy.
Apokalypsy 13:15	Ary navela hanisy aina ny sarin'ny bibi-dia izy, mba hahateny ny sarin'ny bibi-dia, ary hampamono izay rehetra tsy mety miankohoka eo anoloan'ny sarin'ny bibi-dia.
Apokalypsy 14:3	Ary mihira toa tonon-kira vaovao eo anoloan'ny seza fiandrianana sy eo anatrehan'ny zava-manan'aina efatra sy ny loholona* izy; ary tsy nisy nahay nianatra izany fihirana izany, afa-tsy ny efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy izay navotana niala tamin'ny tany. [* Gr. presbytera]
Apokalypsy 15:7	Ary ny anankiray tamin'ny zava-manan'aina efatra nanome ny anjely fito lovia volamena fito, feno ny fahatezeran'Andriamanitra, Izay velona mandrakizay mandrakizay.
Apokalypsy 16:3	Ary ny faharoa nampidina ny tao an-doviany tamin'ny ranomasina; dia nody rà tahaka ny ran'ny olona maty ny ranomasina: ary maty ny zava-manan'aina rehetra tao aminy.
Apokalypsy 19:4	Ary ny loholona* elatra amby roa-polo sy ny zava-manan'aina efatra dia niankohoka nivavaka tamin'Andriamanitra. Izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, ka nanao hœ: Amena; Haleloia! [* Gr. presbytera]
Apokalypsy 21:6	Ary hoy koa Izy tamiko: Tanteraka ireo. Izaho no Alfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana. Izaho hanome maimaimpoana amin'ny loharanon'ny ranon'aina ho an'izay mangetaheta.
Apokalypsy 22:1	Ary izy naneho ahy onin'ny ranon'aina, manganohano tahaka ny vato krystaly, nivoaka avy teo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry
Apokalypsy 22:2	teo afovoan'ny lalambeny. Ary teny andaniny roa amin'ny ony nisy hazon'aina mamoa voa roa ambin'ny folo samy hafa sady mamoa isambolana; ary ny ravin'ny hazo dia ho fanasitranana ny firenena maro.

Apokalypsy 22:14	Sambatra izay manasa ny akanjony, mba hananany fahefana amin'ny hazon'aina sy hidirany amin'ny vavahady ho ao an-tanàna.
Apokalypsy 22:17	Ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe: Avia; ary aoka izay mahare hanao hoe: Avia. Ary aoka ho avy izay mangetaheta; ary izay mety, aoka izy hisotro maimaimpoana amin'ny ranon'aina.
Apokalypsy 22:19	ary raha misy manaisotra amin'ny teny amin'ny bokin'ity faminaniana ity, dia hesorin'Andriamanitra ny anjarany amin'ny hazon'aina sy amin'ny tanàna masina, dia izay zavatra voasoratra eto anatin'ity boky ity.

HIRA

<https://fihirana.org/?s=FETRA>

739 – Ry Jehovah Tompon’aina,

1. Ry Jehovah Tompon’aina,

O, tahio ny taninay!

Mba fohazy, re, ny saina

Sy fanahinay hahay

Mankatô sy hankalaza

Ny Anaranao,

Mba ho fantatray mazava

Ny fitiavanao.

2. Iantraonao, ry Jesosy

Hazavao ny Nosinay,

Ka ny fon’ny Malagasy

Diovy re ka mba ovay,

Tsy hanompo sampy intsony

Fa hazava re,

Ka ho sitraky ny fony

Ny ho masina e!

3. O, tahio ny faritany

Mba handray ny teninao,

Na ambony na ambany

Mba tsarovy, iantrao!

Ny mpitory mba iraho,

Ka hiely anie,

Omeo hery, hatanjaho

Hahavita be!

4.O, Jehovah Ray Mahery,

Sakambino izahay,

Eny, Hianao irery

No mba hany tokinay;

Ka ny ratsy mba sakano
Tsy hanimba anay,
Fa ny tsara no tohano
Hiadanany.

5. Ao koa ny mpanao lalàna
Mba toroy ny marina,
Ireo manam-pahefana
Omeonao sain-dalina!
Ka ny tany mba ampio
Handry fahizay!
O, arovy sy tahio
Ny mpitondra anay!

6. Indreo ny isan-tokantrano
Mba tsidiho, hafanao,
Ka ny zanakay tantano
Sy trotroy ho olonao!
Eny, Tompo, mandrosoa,
Anjakao izahay
Ka onenonao tokoa
Izao ny Nosinay!

+++++++

298 – Aina no fetra, ry Tompo mpanjaka

1. Aina no fetra, ry Tompo mpanjaka,
Aina no fetra anarahana Anao,
Ka ny faneva tsy maintsy ho zaka
Ny fanompoana tsy maintsy hatao !

Fiv : Indreto izahay hilanja faneva,
Ilay hazo izay nanavotana anay ;
An-tsitrapo no anoloranay tena
Ka tano mba ho Anao izahay !

2. Aina no fetra ho enti-manoa
Ilay Zanak'ondry nisolo anay ;
Fandavan-tena sy fanaovan-tsoa
No fianarana atolotra anay
Indreto izahay, hilanja faneva, sns...

3. Aina no fetra, ry Tompo malala
Aina no fetran'ny fitiavanay
Ka sanatria izay handao na hiala
Mandrakizay, ho Anao izahay !
Indreto izahay, hilanja faneva, sns...

4. Aina no fetra, ny nofo anefa
Mora mirona ho lavo indray,
Ka manampia, ry Mpandresy mahefa
O, mba tantano, hazony izahay !
Indreto izahay, hilanja faneva, sns...

5. Aina no fetra ka ampio, ry Fanahy !
Aina no fetra, vonjeo e, ry Ray !
Aina no fetra, izahay re no sahy ;
Aina no fetra, handresy izahay !
Indreto izahay, hilanja faneva, sns...

+++++++

635 – Aina no fetra ry Jesosy Tompo

1. Aina no fetra ry Jesosy Tompo
Izany no tenin'ity zanakao
Vonon-kanaraka Anao sy hanompo
Amin'ny mora sy sarotra hatao.

Fiv : Mandrakizay no tokimpanompoana
Mamin'ny olon'izay afakao.
Mandrakizay ekenay ho faneva
Ny holatrao nanavotana anay.

2. Na ny mangidy heverina ho mamy,
Raha miray aminao izahay,
Iza no tsy hahafoy ny ainy
Mba ho Anao Izay nisolo anay!
Mandrakizay, sns...

3. Hianao, ry Jeso! No ilay Kapiteny,
Izay hampandresy tokoa anay;
Ka raha Hianao, Tompo, no mba miteny,
Lasa izay mahakivy anay:
Mandrakizay, sns...

4. Vonon-kandeha na aiza na aiza,
Ireto mpanompo matoky Anao,
Na dia ny fahafatesana aza,

Tsy hahaleo anay mpianatrao:
Mandrakizay, sns...

+823 – Hoderaina tokoa Hianao, ô ry Ray

1. Hoderaina tokoa

Hianao, ô ry Ray

Noho ny teny soa,

Izay nomenao anay

Fiv : Teninao ny Baiboly

Andriamanitra Ô!

Teny fiainana

Ho an'izao tontolo izao.

2. Fa ny Teny nomenao,

Tompo ô, Ray Tsitoha,

Manadio, manavao,

Mampahery ny fo!

Teninao sns...

3. Mitsangàna hanompo

0! ry mino izao,

Ka ny tenin'ny Tompo

No torio, ambarao.

Teninao sns...

4. Dia tariho lalandava

Mba hiely, ry Ray,

Teny soa hanazava

Ity firenenay!

Teninao sns...

+++++

357 – Efa tonga aty izao

1. Efa tonga aty izao

Teny fiainana :

Raiso mba ho fiainanao,

Teny fiainana.

He ! ny teny tsara,

Teny manan-kery :

Fiv : Tenin'ny Ray,

Tsara tokoa,

Teny fiainana.

2. Io no Filazantsara soa,
Teny fiainana :
Teny mamy indrindra koa,
Teny fiainana.
Raisoa ny teny,
Teny soa nomeny :
Tenin'ny Ray, sns...

3. Ry mpanota! Henoy izao,
Teny fiainana;
Fa fiainana ho anao,
Teny fiainana.

Kristy no nomena
Mba ho famonjena:
Tenin'ny Ray, sns...

++++++

FF 45 – Hira fiderana

1. Hira fiderana ho Anao ry Ray
Tsy afaka ato am-bavako mandrakizay
Hira mampifaly, mampitony jaly
Mampiravoravo fo
2. Ny talenta izay efa nomenao ahy
Hiderako Anao n'aiza misy ahy
Mba hamelon'aina, hampitony saina
Hampiray ny miaina
3. Hira tsotra ihany, nefa na dia izany
Ho Anao tokoa no hikaloako
Raiso re, ry Tompo,
F'io no porofom-pitiavako Anao
- 4; Hira avy ato am-poko, indro fa vetsoiko
Ho Anao ry Raiko izay antsoiko
Hira tena mamy, manambara hatrany
Fa tena tiako Ianao

OHABOLANA

<https://tenymalagasy.org/bins/ohabolana/aina>

Ohabolana 1 **Aina** ity, hoy [Rainimanonja](#). [2.558]

Ohabolana 2 [Akoholahy](#) mitelin-koto : raha [mahay mitelina](#) dia tohan' **aina**, raha tsy [mahay](#) dia [singotry](#) ny [lela](#). [2.415 #3537]

[Akoholahy](#) mitelin-koto: raha mahay [mitelina](#), dia tohan' **aina**; raha tsy mahay [mitelina](#), dia [singotry](#) ny [lela](#). [2.165]

[Akoholahy](#) nitelin-koto, ka ny natao [hanin-kahavoky](#) no [tonga singotry](#) ny **aina**. [2.415 #3537]

[Akoholahy](#) nitelin-koto : [mahay mitelina](#), tohan' ny **aina**, tsy [mahay](#), [singotry](#) ny [lela](#). [2.558]

[Akoholahy](#) nitelin-koto: raha mahay [mitelina](#), dia tohan' ny **aina** ; raha tsy mahay, dia [singotry](#) ny lela. [2.653 #66]

Dikanten-
frantsay Coq qui a mangé de l' étoupe, ce qu'il a pris pour lui servir de nourriture devient sa perte. [2.415 #3537]

Coq qui avale de l' étoupe : s' il parvient à l' avaler, c' est une nourriture ; s' il n'y parvient pas, sa langue s' y prend et il en crève. [2.415 #3537]

Un coq avalant de l' étoupe: s' il peut l' avaler, elle le nourrira; mais s' il ne peut l' avaler, elle lui embarrassera la langue. [2.165]

Fanazavana
frantsay Se disait de ceux qui portent la parole et qui s' y embarrassent. [2.415 #3537]

Ohabolana 3 [Aleo mamonjy aina](#), [hanaiky](#) na [handositra](#), fa [manao vy](#) manidina [Andriamanelo](#). [2.415 #63]

Dikanten-
frantsay Mieux vaut sauver sa vie : il faut se soumettre ou s' enfuir, car Andriamanelo fabrique du fer volant. [2.415 #63]

Fanazavana
frantsay Ces paroles furent dites par les Vazimba, premiers habitants du pays, lorsqu' Andriamanelo, inventeur des sagaies en fer, s' empara de la contrée ; les Malgaches conservèrent du respect pour les Vazimba et offrirent des sacrifices à leurs mânes. [2.415 #63]

Ohabolana 4 [Amboa homana ondry](#), ka ny **aina** no [manefa](#). [2.415 #4268]

[Amboa homana ondry](#), ka ny [fo](#) no [manefa](#). [1.1 #62, 1.3]

[Amboa homan' ondry](#), ka ny **aina** no [manefa](#). [2.558 #161]

[Amboa nangalatra ondry](#), ka ny [fo](#) no [manefa](#). [2.165]

[Amboa nangalatra ondry](#): ny [fo](#) no [manefa](#). [2.415 #4268, 2.653 #126]

Fanazavana malagasy Enti-milaza ny mpangalatra izay tsy maintsy manonitra arakaraka ny zavatra nangalariny. [1.1 #62]

Dikantenany frantsay Chien qui est pris, mangeant une brebis, la paie de sa vie. [2.415 #4268]
Un chien qui a volé un mouton, il le paiera de sa vie. [2.165]
Un chien qui est pris, mangeant une brebis, la paie de sa vie. [1.3]

Fanazavana frantsay Quand un voleur est pris sur le fait, il est mis à mort. [1.3]
S'appliquait à celui qui s' était rendu coupable d' un crime entraînant la peine de mort. [2.165]
Se disait des voleurs pris en flagrant délit de vol, entraînant la peine capitale ; ils étaient mis à mort sans autre forme de procès. [2.415 #4268]

Ohabolana 5 [Ampinga](#) ravin-tsaonjo : [voafina](#) ihany ny [tarehy](#), fa tsy [voafefy](#) ny **aina**. [2.653, 2.415]
[Ampinga](#) ravin-tsaonjo : [voafina](#) ny [tarehy](#), fa tsy [voaro](#) ny **aina**. [2.558 #190]

Dikantenany frantsay Bouclier en feuilles de gouet : le visage est bien caché mais la vie n' est pas à l' abri. [2.415 #3450]

Fanazavana frantsay Se disait d' une défense qu' on perce facilement à jour, ou bien d' un succès de peu de durée. [2.415 #3450]

Ohabolana 6 [Andevolahin'](#) ny [hariana](#) ny **aina**. [2.415]

Dikantenany frantsay La vie est l' esclave des richesses. [2.415]

Fanazavana frantsay Se disait des gens qui sacrifient leur vie pour acquérir des richesses. [2.415 #6270]

Ohabolana 7 [Angady tokana](#) ny **aina**: raha [tapaka](#) tsy misy [hasolo](#) azy. [2.653 #228, 2.974 #464]

Dikantenany frantsay La vie est une bêche unique : si elle se brise, plus moyen de la remplacer. [2.974 #464]

Ohabolana 8 [Antitra natonton' olona](#), ka [zara](#) raha [nahatana](#) ny **ainy**. [2.558 #295]
[Antitra natonton' olona](#) : zara raha [mahatana](#) ny **ainy**. [2.415 #1804, 2.653 #248]

Dikantenany frantsay Vieillard qu' on se met à frapper : heureux pour lui s' il garde la vie. [2.415 #1804]

Fanazavana frantsay Se disait de ceux qui étaient sans défense. [2.415 #1804]

Ohabolana 9 [Arahaba](#) tsy [maty fo](#) aman' **aina**. [2.415]

Dikantenany Salut, vous dont la mort a respecté le coeur et la vie. [2.415]

frantsay

Fanazavana
frantsay Formule de salut après un accident ou un malheur. [2.415]

Ohabolana 10 Aza manao an-tenin' **aina**. [2.165 #421, 2.653 #419]

Dikanten-
frantsay Ne cherchez pas à agir en maître (en vous fiant à votre force). [2.165]

Ohabolana 11 Aza manirina [olona](#) tsy [afaka](#) **aina**. (;. [2.558 #686, 2.653 #581, 1.1]
Aza [manirina olona](#) tsy [afak'](#) **aina**. [2.415 #3170]
Aza [manirina](#) olon-tsy [afaka](#) **aina**. [2.165 #832]

Fanazavana
malagasy Aoka tsy hanao zavatra mbola tsy amin' ny fotoanany. [1.1]

Dikanten-
frantsay Ne fermez pas les yeux à un mourant qui n' a pas expiré. [2.415 #3170]

Fanazavana
frantsay Ne soyez pas trop pressé de recevoir l'héritage. [2.415 #3170]

Ohabolana 12 Aza mitoe-mamokaiky, fa ataovy izay tratry ny **aina**. [2.653 #662]
Aza mitomoe-mamokaiky fa [ataovy](#) izay tratry ny **aina**. [2.558 #57]

Ohabolana 13 Aza [mitomany handatsaka](#) **aina**, toa bala. [2.165 #522]

Dikanten-
frantsay Ne pleurez pas du désir de tuer, comme les balles. [2.165]

Fanazavana
frantsay Allusion à leur sifflement. [2.165]

Ohabolana 14 Aza [tanora](#) be sondrotr' **aina**, fandrao ho [faty](#) alohan' ny [marary](#). [2.415 #2784]
Aza [tanora](#) be sondrotr' **aina**, fandrao tsy misy ho faty alohan' ny marary. [2.653]
[Tanora](#) be sondrotr' **aina**: ho faty alohan' ny marary. [2.415 #1584, 2.653 #3016]
[Tanora](#) be sondrotr' **aina**, ka ho [faty](#) alohan' ny [marary](#). [2.558 #4053]

Dikanten-
frantsay Jeunes gens qui poussent de longs soupirs : ils mourront avant les malades. [2.415 #1584]
Ne soupirez pas souvent et ne soyez pas rempli d'émotion alors que vous êtes jeune, de peur que vous ne mouriez avant ceux qui sont malades. [2.415 #2784]

Fanazavana
frantsay Se disait de ceux qui poussent des soupirs, chaque fois qu' il y a un travail à faire ou quelque chose à supporter. [2.415 #2784]
Se disait des jeunes gens qui poussent des soupirs chaque fois qu' il y a un travail à faire. [2.415 #1584]

Ohabolana 15 Aza [tanora](#) be sondrotr' **aina**, fandrao tsy misy ho [enti-miantitra](#). [[2.415](#) #2591, [2.653](#)]

Aza [tanora loza](#), ka tsy misy ho [enti-miantitra](#). [[2.415](#) #2591]

Dikanten-
frantsay N' ayez pas dans votre jeunesse un mauvais caractère, car vous n' auriez personne pour vous venir en aide dans le malheur de votre vieillesse : on s' éloignerait de vous. [[2.415](#) #2591]

Ohabolana 16 Babin-[katsaka](#) an-tany [mena](#), ka ny [baby roa](#) tsy misy fa raha [mahatana](#) ny **aina** dia [zara](#). [[2.558](#) #841]

[Katsaka](#) an-[tani-mena](#) : ny [baby telo](#) tsy misy. [[1.196](#)]

[Katsaka](#) an-[tanimena](#) : ny [baby roa](#) tsy misy fa raha [mahatana](#) ny **aina** dia [zara](#). [[2.558](#) #1605]

[Katsaka](#) an-[tanimena](#) : ny [baby telo](#) tsy misy, fa raha [velona](#) ny **aina** dia [zara](#). [[2.415](#) #2500, [2.653](#) #1236]

[Katsaka](#) maniry an-[tany mena](#): ka zara raha [mahatana](#) ny **aina**, fa ny [baby telo](#) dia tsy misy. [[2.165](#) #598]

Dikanten-
frantsay maïs planté en latérite, pas de plantes à trois épis [[1.196](#)]

Du maïs poussant dans la terre rouge: il arrive tout juste à ne pas périr, et il n' y a pas trois épis. [[2.165](#)]

Maïs qui pousse dans une terre rouge : il ne porte pas trois épis, et si sa vie est sauve c' est une bonne fortune. [[2.415](#) #2500]

un enfant ne saurait donner de bons résultats, s'il n'est placé dans des conditions favorables. [[1.196](#)]

Fanazava-
frantsay La terre rouge ou latérite de Madagascar est très aride. [[2.165](#)]
Se disait des pauvres. [[2.415](#) #2500]

Ohabolana 17 Balan-[tsakaiza](#) ka anivon' ny **aina** indrindra. [[2.558](#) #844]

Ohabolana 18 [Bibilava vonoina](#), ka tsy [tongotra hitsipaka](#), tsy [tanana handrangotra](#), tsy [vava](#) hiteny, fa todin' **aina** no [andrasana](#). [[2.558](#)]

[Bibilava vonono](#) : tsy manan-[tanana hamaly](#) izy, fa [Andriamanitra](#) no [andrasana](#). [[2.415](#) #22]

[Bibilava vonono](#) : tsy manan-tanan-kamaly, tsy manan-tongotra [hitsipaka](#), tsy manam-[bava](#) hivalo, fa todin' **aina** no [andrasana](#). [[2.415](#) #22, [2.653](#) #769]

[Bibilava vonono](#), tsy [tanana](#) hamely, tsy [tongotra hitsipaka](#) fa [Andriamanitra](#) no [andrasana](#). [[1.1](#)]

[Bibilava vonono](#): tsy tanan-kandrangotra na [tongotra hitsipaka](#), fa [Andriamanitra](#) no [andrasana](#). [[1.1](#)]

[Bibilava vonono](#): tsy [tongotra hitsipaka](#), tsy [tanana handrangotra](#), fa [Andriamanitra](#) no [andrasana](#). [[1.1](#)]

Fanazava-
malagasy Entimilaza ny fisian' ny tody, na koa ny fomban' Andriamanitra an' ireo malemy sy osa, izay tsy manan-kanoharana ireo mpanao tsindry hazo lena na kely tsy mba

mamindro. [1.1]

Enti-milaza ny olona osa na madinika na mahantra izay tsy mba afaka hamaly amin' ny herin' ny tenany raha misy mamely azy fa Andriamanitra no antenainy hamaly izay mampahory azy. [1.1]

Marina ka mamaly ny ratsy sy ny tsara. [1.1]

Dikanten-
frantsay Un serpent qu' on tue : il n' a pas de mains pour se défendre, mais il compte sur Dieu. [2.415 #22]

Fanazavana
frantsay Ce proverbe s' appliquait aux petits et aux faibles qui souffrent des oppressions : ils attendent que Dieu leur fasse justice. [2.415 #22]

Ohabolana 19 [Boka misikidy](#) : ny tokin' **aina** dia [lavorary](#) fa ny [aretina](#) no manapa-kozatra. [2.558 #63]

Ohabolana 20 [Boka misikidy](#) : ny tokin' **aina** dia [tsara](#) ihany, fa ny hasoavana tsy misy intsony. [2.415 #1973]

[Boka misikidy](#) : ny tokin' **aina** [tsara](#) ihany, fa ny hasoavana tsy misy intsony. [2.653]

Dikanten-
frantsay Lépreux qui consulte le sikidy pour connaître l'avenir : des promesses de vie il y en a bien, mais de la beauté il n'y en a plus. [2.415 #1973]

Fanazavana
frantsay Le lépreux n' a rien à faire contre son sort, on ne peut l' exorciser. [2.415 #1973]

Ohabolana 21 [Boka](#) namahan-[jaza](#) : natao [hamelona](#) kanjo [nanampina](#) ny **aina**. [2.558 #931]

[Boka](#) namahan-[jaza](#) : natao [hamelona](#), kanjo [nanampina](#) ny **ainy**. [2.415 #1979, 2.653 #802]

Dikanten-
frantsay Lépreuse qui nourrit un enfant : on croyait qu'elle lui donnerait la vie et elle la lui ôte. [2.415 #1979]

Fanazavana
frantsay Plaintes sur les lépreux ; sens général : faire du mal en croyant soulager. [2.415 #1979]

Ohabolana 22 [Boka nisikidianana](#): ny tokin' **aina** dia [tsara](#), fa ny [tenany](#) be nahafahana. [2.415 #125, 2.653 #813]

Dikanten-
frantsay Lépreux pour qui on consulte le sort par le sikidy : la promesse de vie est belle, mais son corps est bien mutilé. [2.415 #125]

Fanazavana
frantsay Ce proverbe dit le malheur du lépreux qui restera toujours incapable d'être exorcisé ; on l' appliquait à toute difficulté insurmontable. [2.415 #125]

Ohabolana 23 Efa [an-dohariana](#) ny **aina**. [2.415 #2851]

Dikanten-
frantsay La vie est au sommet de la cascade : la mort est proche. [2.415 #2851]

frantsay

Fanazavana Se disait des mourants. [2.415 #2851]
frantsay

Ohabolana 24 Fary lanim-boana, mitsangan-tsy amin' **aina**. [1.147 #F16]

Ohabolana 25 Firain' ny [vava fito](#) saha; firain' ny harem-boantondro. [2.165 #802]
Firain' ny [vava](#) fito saha, firain' ny harem-boan-tondro ; ny [ataon'](#) ny [vava](#) tsy araka ny **aina**. [2.653 #962]
Firain' ny [vava fito saha](#), firain' ny [harem-boatondro](#), ny [ataon'](#) ny [vava](#) tsy araka ny **aina**. [2.558 #1162]

Dikanten'ny A l' entendre il aura sept champs; d' après ses moyens il en aura la largeur d' un
frantsay doigt. [2.165]

Fanazavana C' est un vantard! [2.165]
frantsay

Ohabolana 26 [Fofonahandro](#) ny **aina**, ka tsy hita izay ahalevonany. [2.415 #2761, 2.653 #977]
[Fofonahandro](#) ny **aina** ka tsy hita izay hahalevonany. [2.558 #1185]
Ny **aina** [fofonahandro](#), ka tsy hita izay hahalevonany. [2.165 #2094]

Dikanten'ny La vie est comme la vapeur qui se dégage de la marmite : on ne voit pas quand et
frantsay comment elle s' évanouit. [2.415 #2761]
La vie est comme le parfum des mets: on ne sait quand elle se dissipera. [2.165 #2094]

Fanazavana La vie est courte et incertaine. [2.415 #2762]
frantsay

Ohabolana 27 [Fofonahandro](#) ny **aina** : raha [sokafana](#), dia lasa. [2.415 #2762, 2.653 #978]
[Fofonahandro](#) ny **aina** : raha [sokafana](#) dia [lasa](#) tokoa. [2.558 #1186]

Dikanten'ny La vie est comme la vapeur dans la marmite : quand on découvre la marmite, la
frantsay vapeur s' en va. [2.415 #2762]
La vie est un fumet de repas : ôtez le couvercle, la voilà qui s' échappe. [2.974 #468]

Fanazavana La vie est courte et incertaine. [2.415 #2762]
frantsay

Ohabolana 28 [Henan'](#) ny [mpitsoka](#) miozika : [ataovy tsara zara](#), fa vidim-pofon' **aina**. [2.415 #4491, 2.653 #1048]

[Henan'](#) ny [mpitsoka mozika](#) : [ataovy tsara zara](#) fa vidim-pofon' **aina**. [2.558 #1307]

Dikanten'ny Viande qu' on donne en récompense aux musiciens : qu' on la partage bien, car c'
frantsay est le prix du souffle de la vie. [2.415 #4491]

Fanazavana frantsay Allusion à la cote personnelle ou prix de la vie vidin' aina ; cette cote personnelle était payée au souverain. [2.415 #4491]

Ohabolana 29 [Hoatry](#) ny [tehina](#) an-tanan' ny [mpihaingo](#), ka sady [haingo](#) no tohan' **aina**. [2.415 #2430]

Ohatra ny [tehina](#) an-tanan' ny [mpihaingo](#), ka sady [haingo](#) no tohan' **aina**. [2.653, 2.974, 2.558]

Dikanten' frantsay C' est comme une canne dans la main de celui qui aime à se parer : elle est à la fois une parure et un soutien. [2.415 #2430]
(Les enfants) sont comme une canne aux mains d'un élégant : c'est à la fois une parure et un soutien. [2.974 #174]

Fanazavana frantsay Se disait des choses à plusieurs usages. [2.415 #2430]

Ohabolana 30 Ilay [nahandro takatra](#), ka izay no [takatra](#). [1.1]

Izay no [takatry](#) ny **aina** hoy ilay [nahandro takatra](#). [2.558]

Izay no [takatry](#) ny [ananana](#) hoy ilay [nahandro takatra](#). [2.558]

Izay [takatry](#) ny **aina**, hoy ilay [manan-takatra](#). [2.415 #5852]

Izay [takatry](#) ny **aina**, hoy ilay [namahan-takatra](#). [2.653 #1199]

"Izay [takatry](#) ny [ananana](#) no [atao](#)" , hoy ilay [namahan-takatra](#). [2.165]

[Rafotsibe nahandro takatra](#) ka izay no [takatry](#) ny **aina**. [2.558]

[Rafotsibe nahandro takatra](#) ka izay no [takatry](#) ny [ananana](#). [2.558]

Toy ilay [nahandro takatra](#), ka izay no [takatry](#) ny [ananana](#). [2.415 #4608, 2.165]

Fanazavana malagasy Tsilalaon-teny manambara fa izay no vita tamin' ny sakafo, ka aoka tsy hahazo tsiny avy amin' izay nasaina. [1.1]

Dikanten' frantsay C' est comme celui qui a fait cuire un oiseau takatra : il a fait ce qu' il a pu. [2.415 #4608]

"Chacun fait selon ses moyens" , dit celui qui servait un "takatra" (à ses hôtes). [2.165]

Fais ton possible, dit celui qui nourrit un oiseau takatra. [2.415 #5852]

Pareil à celui qui a cuit un "takatra" , il a fait ce qu' il a pu (d' après ce qu' il possédait). [2.165]

Fanazavana frantsay C' était une manière plaisante d' encourager et de s'encourager. Jeu de mots sur les deux sens du mot takatra : possible et oiseau. [2.415 #5852]

Jeu de mots sur les deux sens de takatra : le nom d' un oiseau, et ce à quoi on peut arriver. [2.415 #4608]

Le "takatra" , sorte d' ombrette, est un oiseau de mauvais augure pour les Malgaches; et pour en manger il fallait n' avoir rien d' autre à se mettre sous la dent. Ce proverbe renferme un jeu de mots sur "takatra" , pouvoir ou atteindre, et "takatra" , oiseau. [2.165]

Ohabolana 31 Izay [andro](#) ahoriana, [tsaroan'](#) ny **aina**. [2.558]

Izay [andro](#) ahoriana, [tsaroan'](#) ny **saina**. [2.558]

Ohabolana 32 Izay iray [vatsy](#) iray **aina**. [2.653 #1181, 2.974 #407]

Dikanten-
frantsay Ceux qui ont le même viatique partagent le même sort. [2.974 #407]

Ohabolana 33 Izay kely [fihinana](#) kamo [fila aina](#). [2.653 #1183]
Izay kely [fihinana](#) kely [fila aina](#). [2.558 #1489]

Ohabolana 34 Izay [maharary](#) no [itoeran'](#) ny **aina**. [1.1]

Fanazavana
malagasy Tsaroana erý, miohatra noho ny rantsam-batana hafa, ilay marary amin' ny tena, ka saika ao mandrakariva ny saina sy ny eritreritra. [1.1]

Ohabolana 35 Izay manoro [lala-mahitsy](#), [mamindra aina](#). [2.415 #6503, 2.558]
Izay manoro [lalana mahitsy](#), [mamindra aina](#). [2.165 #1597]

Dikanten-
frantsay Celui qui indique une route droite, communique la vie. [2.165 #1597]
Ceux qui montrent le droit chemin, communiquent la vie. [2.415 #6503]

Ohabolana 36 [Kely tsaroan'](#) ny **aina** [ohatra](#) ny voan' ny [somisika](#). [2.558]

Ohabolana 37 [Kibobo voafandrika](#) ka ny mandrimandry no [ahazoana aina](#). [2.558]

Ohabolana 38 [Lahiantitra mitehin-kiho](#) : tsy [haingo](#) fa tohan' **aina**. [2.558 #1676, 2.653, 2.415]

Dikanten-
frantsay Vieillard qui met la main sur les hanches : ce n' est pas par fierté, c' est pour se soutenir. [2.415 #1825]

Ohabolana 39 [Manafaingana tena](#) toy ny [marary](#) be tsy [homan-kanina](#). [2.415 #2800]
[Manafaingan-tena ohatra](#) ny [marary](#) tsy [homan-kanina](#). [2.558]
[Manafaingan-tena ohatra](#) ny [marary](#) tsy mahatelin-kanina. [2.558]
[Manafaingan-tena](#) toy ny [marary](#) be tsy [homan-kanina](#). [2.165 #2110, 2.653 #1488]
[Marary](#) be tsy mahatelin-kanina, ka [manafaingana](#) ny **ainy**. [2.165 #2003, 2.415 #2804]

Dikanten-
frantsay Celui qui est gravement malade et ne peut plus rien avaler accélère sa fin. [2.165]
Hâter sa fin comme un malade qui ne mange plus rien. [2.165 #2110]
Hâter sa perte comme un malade qui ne mange même plus les choses qu' il aimait. [2.415 #2800]
L' homme gravement malade qui ne peut plus prendre de nourriture hâte sa fin. [2.415 #2804]

Fanazavana
frantsay Celui qui ne pouvait plus manger allait mourir. [2.415 #2804]
Les malgaches pensent que quand quelqu' un ne peut plus manger, il doit être près de sa mort. [2.165]
On faisait manger beaucoup les malades ; quand un malade refusait de manger, son entourage disait qu'il hâtait sa mort ; ce proverbe se disait de ceux qui ne font pas leur possible pour se tirer d' embarras. [2.415 #2800]

Ohabolana 40 [Manao ain-kavana](#). [2.415 #1094]

Dikanteny
frantsay Vivre aux dépens des siens, c' est manger leur âme et leur vie. [2.415 #1094]

Ohabolana 41 [Manao mosalahy](#) ny **aina**. [2.415 #6295]

Dikanteny
frantsay Risquer la vie follement. [2.415 #6295]

Ohabolana 42 [Manao](#) ny **ain**-tsy ho [zavatra](#). [2.415 #6298]

[Manao vy very](#) ny **aina**. [2.415 #6298, 2.653 #1560]

[Manao vy very](#) ny **ainy**. [2.165 #886]

Dikanteny
frantsay Risquer sa vie. Litt. faire de sa vie comme d' un morceau de fer perdu. [2.165]
S' exposer et sacrifier sa vie. [2.415 #6298]

Fanazavana
frantsay Cette expression s' emploie très fréquemment, mais il est difficile d' en discerner l' origine. [2.165]

Ohabolana 43 [Manao very tena](#) ; [mahafo](#)y ny **aina**. [2.415 #6297]

Dikanteny
frantsay S' exposer et sacrifier sa vie. [2.415 #6298]

Ohabolana 44 [Manao vy very](#) ny **aina**, ka [manao](#) jirik' **aina mitady** izay [hafatesana](#). [2.415 #6299]

Dikanteny
frantsay Ils exposent leur vie et cherchent la mort. [2.415 #6299]

Fanazavana
frantsay Se disait des voleurs, des soldats, des commerçants qui vont trafiquer au loin, au risque de leur vie. [2.415 #6299]

Ohabolana 45 Mandrodona am-pasina : [very](#) ton' **aina**. [1.147 #M52]

Ohabolana 46 [Mangahazo](#) anaty [tenona](#): mitondra [lefona](#) an-kibo, **miferin-aina** andro aman-alina, velona fa manana **aina**. [2.415 #2618, 2.653 #1612]

[Mangahazo](#) anaty [tenona](#) : [mitondra lefona](#) an-kibo, miferin' **aina** [andro](#) aman' [alina](#), [velona](#) fa manan' **aina**. [[2.558](#) #2099]

Dikanten-
frantsay Maniocs au milieu de glaïeuls : ils portent des lances au coeur et sont affligés jour et nuit ; on dit qu' ils sont vivants parce qu' ils n' ont pas perdu la vie. [[2.415](#)]

Fanazav-
frantsay Le glaïeul est une mauvaise herbe très vivace et dont les feuilles sont en forme de lance ; les pousses qui sortent de terre sont dures et piquantes ; ce proverbe se disait des affligés. [[2.415](#) #2618]

Ohabolana 47 [Maty](#) an-tsonon' **aina**. [[2.415](#) #2871]

Dikanten-
frantsay Mourir à la fleur de l' âge, c' est la vie offerte en sacrifice. [[2.415](#) #2871]

Ohabolana 48 [Miala aina hanadio](#) ny sasany [tahaka](#) ny [savony](#). [[2.558](#) #2241]

Ohabolana 49 mifanena an-kentona, ka samy [miaro](#) ny **ainy** ihany. [[2.165](#) #1172]

Toy ny [voalavo mifanena](#) an-kentona, ka samia [mitandrina](#) ny **ainy** fa ety ny [lalana](#). [[2.558](#)]

Toy ny [voalavo mifanena](#) an-kentona : samia mitsimbina **ainy**, fa ety ny [lalana](#). [[2.415](#) #3528]

Toy ny [voalavo](#) mifanena an-kentona: samia mitsimbina ny ainy, fa ety ny [lalana](#). [[2.653](#) #3255]

[Voalavo mifanena](#) an-kentona, ka samy [mitandrina](#) ny **ainy** ihany. [[2.558](#) #4974]

Dikanten-
frantsay C' est comme deux rats qui se rencontrent sur un bois traverse de maison, dans un passage étroit et élevé : que chacun protège sa vie, le chemin est étroit. [[2.415](#) #3528]

Des rats se rencontrant sur une poutre haute et étroite: chacun cherche à préserver sa vie. [[2.165](#)]

Fanazav-
frantsay Se disait d'une lutte entre deux puissants. [[2.415](#) #3528]

Ohabolana 50 [Mihalohalo](#) toa [voanjo](#) am-[bavan' antitra](#) : tsy midina ho tohan' **aina**, tsy [mitsipika](#) ho an' ny [akoho](#). [[2.558](#)]

Ohabolana 51 [Mihazakazaka](#) ambany [farafara](#) ka tsy misy [hanam-parana](#) ny **aina**. [[2.558](#) #2315, [2.653](#) #1767]

Ohabolana 52 Mitari-[bato](#) tsy [mihoraka](#): [very](#) ny [androatokon' aina](#). [[1.1](#)]

Raha mitari-bato tsy [mihoraka](#), [very](#) ny [an-droatokon' aina](#); raha [mifankatia](#) tsy [miresaka](#), [very](#) ny an-droatokom-pihavanana. [[2.558](#) #235, [2.653](#) #2697, [2.974](#)]

Fanazavana malagasy Rehefa manao zava-tsarotra ifanakonana, manome hery sy ahavitana be ny fiarahana mihorakoraka, mihirahira, fa tsy mangingina samy maka ho azy. [1.1]

Dikanten'ny frantsay Pousser une grosse pierre et ne pas crier, c'est perdre les deux tiers de ses forces ; (s'aimer et ne pas se le dire, c'est perdre les deux tiers de l'affection). [2.974 #19]

Ohabolana 53 [Mitehin-kiho am-piakarana](#), ka sady [haingo](#) no tohan' **aina**. [2.558 #2448]
[Tehin-kiho am-piakarana](#); tsy [haingo](#) fa tohan' **aina**. [2.165 #1304, 2.653 #3057, 1.1]

Fanazavana malagasy Enti-milaza fa misy fisehoan-javatra ivelany izay toa haitraitra fotsiny, nefa hay tena zavatra ilaina mihitsy. [1.1]

Enti-milaza ny olona toa mampidera bika amin' ny fihetsiny, nefa hakingana no anaovany an' io fa mba tsy hisehoany hoe sasatra. [1.1]

Dikanten'ny frantsay Quand on met les mains sur les hanches en montant, ce n' est pas pour être plus beau, c' est pour s' aider à marcher. [2.165]

Ohabolana 54 [Mpamosavy](#) mitravoka : manary [fanahy](#) ny [tompon' aina](#). [1.147 #M135]

Ohabolana 55 Na dia kely aza, tsarotsaroan' ny **aina**, [hoatry](#) ny [fahenim-bary fahavaratra](#). [2.415 #2767]

Na dia kely aza, tsarotsaroan' ny **aina**, [ohatra](#) ny [fahenimbary](#) fahavaratra. [2.653, 2.558]

Dikanten'ny frantsay C' est peu de chose, mais cela éveille la vie, comme la petite mesure de riz en été, alors que le riz est rare. [2.415 #2767]

Ohabolana 56 Nahoana hianao no manara-binanto ? ka hoy izy : " ny **aiko** aza lasany " . [2.415 #1456, 2.558 #2660, 2.653 #2025]

Dikanten'ny frantsay Pourquoi vous mettez-vous sous la dépendance de votre gendre ? et la réponse est : c'est qu' il a pris ma fille, celle qui est ma vie. [2.415 #1456]

Ohabolana 57 [Natao](#) ho [ranonorana](#) ho tohan' **aina**, ka [nivadika](#) ho havandra [hanorotoro](#). [2.974 #493]

Dikanten'ny frantsay On croyait avoir (en lui) une ondée bienfaisante, et le voilà changé en grêle dévastatrice. [2.974 #493]

Ohabolana 58 [Natao](#) ho [salaka](#) hanohana ny **aina**, kanjo nitondra [haofotsy](#) hanaikifra ny valahana. [2.558 #2759]

[Natao](#) ho [salaka](#) hanohana ny **aina**, kanjo nitondra [haofotsy hanai-kitra](#) ny valahana. [2.415 #5922, 2.653 #2090]

Dikanten'ny On croyait que ce serait un salaka qui soutiendrait la vie en ceignant les reins,

frantsay mais, hélas ! il a porté des poux blancs qui piquent les reins. [2.415]

Fanazavana Se disait des déceptions. [2.415 #5882]
frantsay

Ohabolana 59 [Natao](#) ho [vady](#) hialana [aina](#), kanjo tsy azo [hianteherana](#) akory. [2.415 #1387]
[Natao](#) ho [vady](#) hialana [aina](#), kanjo tsy azo [nianteherana](#) akory. [2.558 #2760]
[Natao](#) ho [vady hialan' aina](#), kanjo tsy azo [hianteherana](#) akory. [2.415 #1307, 2.653 #2091]

Dikanten- Je croyais rester avec cet époux jusqu' à la mort et cependant voici que je ne peux
frantsay pas compter sur lui. [2.415 #1307]
Je l' avais pris comme époux pour la vie, et cependant je ne puis pas me promettre
qu' il me sera un appui constant et fidèle. [2.415 #1387]

Fanazavana Paroles de l' épouse qui craint la répudiation. [2.415 #1387]
frantsay Sens général : être abandonné par celui en qui on avait mis toute sa confiance.
[2.415 #1307]

Ohabolana 60 Ny [aina aloka](#) aman-[javona](#): [mihelina](#) dia [lasa](#). [2.165 #2093]
Ny ain' ny olombelona aloka aman-[javona](#): [mihelina](#) dia [lasa](#). [2.415 #2772, 2.653 #2130, 2.974 #471]
Ny [ain' olombelona](#) toy ny [fofo-nahandro](#), ka [mihelina](#) dia [lasa](#). [2.558 #2836]

Dikanten- La vie de l'homme est une ombre et un brouillard : elle passe et n'est plus. [2.974
frantsay #471]
La vie est une ombre et une fumée: elle passe et n' est plus. [2.165]
La vie humaine est de l' ombre et du brouillard : elle apparaît rapidement et s' en
va. [2.415 #2772]

Ohabolana 61 Ny [aina hoatry](#) ny [fanjozoro](#) : ka izay [mahavatra mampano](#) no [manana](#) ny [mafy](#).
[2.415 #2768]

Dikanten- La vie est comme la moelle de jonc : ceux qui prennent soin de l' humecter l' ont
frantsay solide. [2.415 #2768]

Fanazavana Il faut bien se soigner pour vivre longtemps. [2.415 #2768]
frantsay

Ohabolana 62 Ny [aina raha lasa](#) tsy mba [miverina](#). [2.558]

Ohabolana 63 Ny [aina Ramangatahina](#), ny [vola Ramangatadiavina](#). [2.558 #182]

Ohabolana 64 Ny [aina](#) toy ny [tavim-bilany](#), ka tsy [fantatra](#) izay hahavakiany, na ho [antoandro](#) na
ho [alina](#). [2.165 #2092, 2.415 #2769]

Tavim-[bilany](#) ny **aina** ka tsy [fantatra](#) izay hahavakisany. [[1.1](#)]

Fanazavana malagasy Enti-milaza fa malia aoka izany ny aina ka tsy hitahita akory ny hahapotehany. [[1.1](#)]

Dikanten- frantsay La vie est comme un têt de marmite : on ignore quand elle se brisera, le jour ou la nuit. [[2.415](#) #2769]

La vie est comme un têt de marmite: on ne sait quand elle se brisera, pendant le jour ou pendant la nuit. [[2.165](#) #2092]

Ohabolana 65 Ny **aina** tsy [afaky](#) ny [tompony](#). [[2.653](#) #2127, [2.974](#) #469]
Ny **aina** tsy matin-tompony. [[2.558](#) #183]

Dikanten- frantsay La vie n'appartient pas à son possesseur. [[2.974](#) #469]

Ohabolana 66 Ny **aina** tsy ananam-piry. [[2.415](#) #2891]

Dikanten- frantsay On n' a pas plusieurs vies. [[2.415](#) #2891]

Fanazavana frantsay Exhortation à se soigner. [[2.415](#) #2891]

Ohabolana 67 Ny **aina** tsy mba [bozaka](#), ka raha **maina** ny [lohany](#) dia [maniry](#) indray ny [fakany](#). [[2.558](#) #2835]

Ny **aina** tsy mba bozaka, ka raha maina ny [lohany](#) maniry indray ny [fakany](#). [[2.415](#) #2770, [2.653](#) #2128, [2.974](#) #470]

Dikanten- frantsay La vie n'est pas comme l'herbe, dont la tige peut reverdir, si la pointe se flétrit. [[2.974](#) #470]

La vie n'est pas comme l' herbe qui repousse par la racine lorsque la tête est desséchée. [[2.415](#) #2770]

Fanazavana frantsay La vie est courte. [[2.415](#) #2770]

Ohabolana 68 Ny **aina** tsy mba [landihazo](#) : raha [antoandro](#) ny [andro](#) mibo-haka. [[2.415](#) #2771, [2.653](#) #2129]

Dikanten- frantsay La vie n' est pas comme le fruit du cotonnier qui se dilate en plein jour. [[2.415](#) #2771]

Fanazavana frantsay Se disait de la brièveté de la vie. [[2.415](#) #2771]

Ohabolana 69 Ny [amboa](#) no be **aina**, fa raha [voky](#) ran-kena, [mandry ilalana](#). [[2.165](#) #824, [2.415](#)]
Ny [amboa](#) no be **aina** fa raha [voky](#) ran-kena [mandry lalana](#). [[2.653](#) #2148, [2.558](#)]

Tsy misy be **aina** noho ny [alika](#), fa raha [voky](#) ran-kena, [mandry ilalana](#). [2.415]
Tsy misy be **aina** [ohatra](#) ny [alika](#), fa raha [voky](#) ran-kena [mandry lalana](#). [2.558]

Dikanten-
frantsay Le chien est un animal bien vigoureux, mais quand il est repu de sang, il couche en chemin avant d'arriver au terme. [2.415 #4543]
Un chien est très vigoureux; mais quand il est repu de sang de viande, il se couche en route. [2.165 #824]

Fanazava-
frantsay Paroles dites par l'invité pour dire qu'il est rassasié. [2.415 #4543]

Ohabolana 70 Ny [andriana](#) tsy mba [itsitsiana](#) ny **aina**. [2.415 #379]

Dikanten-
frantsay Il ne faut pas épargner sa vie au service du souverain. [2.415 #379]

Ohabolana 71 Ny [fitia](#) tsy hanjary ve no [andritana](#) **aina**? [2.558 #3005]
Ny [fitia](#) tsy ho [lany](#) no [andritana](#) ny **aina**. [2.415 #5119, 2.653 #2237]

Dikanten-
frantsay Un amour inépuisable dessèche la vie. [2.415 #5119]

Fanazava-
frantsay Dépérir d'amour. [2.415 #5119]

Ohabolana 72 Ny [harena](#) no [tian-kananana](#), ka ny **aina** no [atao](#) tsy ho [zavatra](#). [2.558 #3033]
Ny [harena](#) no [tian](#)-ko azo, ka ny **aina** no [atao](#) tsy ho [zavatra](#). [2.415 #6316, 2.653 #2250]

Dikanten-
frantsay Ce sont les richesses qu'on veut acquérir et on fait peu de cas de la vie. [2.415 #6316]

Ohabolana 73 Ny [sandry](#) be tsy ody **aina**, ary ny [hatanorana](#) tsy ody faty; fa samy ho faty [avokoa](#). [2.653 #2414]
Ny [sandry](#) be tsy [ody](#) **aina**, ny [hatanorana](#) tsy [ody](#) faty, fa samy ho [faty avokoa](#). [2.415 #2909]
Ny [sandry](#) be tsy [ody](#) **aina**, ny [hatanorana](#) tsy [ody](#) mahavelona, fa hetra itovizana ny ho [faty](#). [2.558 #3241]

Dikanten-
frantsay La force n'est pas un talisman qui conserve la vie, la jeunesse n'est pas un talisman contre la mort, mais tout le monde mourra. [2.415 #2909]

Ohabolana 74 Nitondra ny tsy araka ny **aina**, [hoatry](#) ny [moka](#) voateha-tsofina. [2.415 #2731]
Nitondra ny tsy araka ny **aina**, [ohatra](#) ny [moka](#) voateha-tsofina. [2.653]
Nitondra ny tsy eran' ny **aina**, [ohatra](#) ny [moka](#) voateha-tsofina. [2.558]

Dikanten-
frantsay Recevoir ce qui est au-dessus de ses forces comme le moustique qui a reçu un

frantsay soufflet. [2.415 #2731]
Fanazavana Allusion à la manière de tuer les moustiques. [2.415 #2731]
frantsay

Ohabolana 75 Ny [vola Ramangatsimahatola](#), ny **aina** [Ramangatsiatakalo zavatra](#). [2.558 #3362]

Ohabolana 76 Ny [vola tahaka](#) ny volon' [orona](#) : [tsaroan'](#) ny **aina** raha [anongotana](#). [2.558 #214]

Ohabolana 77 [Omby mahia](#) be [tandroka](#) ka [mitondra](#) ny tsy eran' ny **aina**. [1.1]

Fanazavana Ilazana ny tsy maintsy hanaovana ny adidy na dia sarotra aza. [1.1]
malagasy

Ohabolana 78 Raha [lany](#) ny [harena](#), miatra amin' ny **aina**. [2.415 #2553]

Dikanteny Quand on a dépensé tout son bien, la vie même y passe. [2.415 #2553]
frantsay

Fanazavana Allusion au vol qui était souvent puni de mort. [2.415]
frantsay

Ohabolana 79 Rakotr' **aina**, rako-paty. [1.147 #R16]

Ohabolana 80 Ranomaso tsy [mahatana aina](#). [2.653 #2758, 2.974 #164]
[Ranomaso](#) tsy [mahatana aina](#), ny [firariana](#) tsy [mahafefy](#) ny [loza](#). [2.558 #3708]

Dikanteny Les larmes ne retiennent pas la vie. [2.974 #164, 2.165]
frantsay Les pleurs ne retiennent pas la vie. [2.415]

Fanazavana C. à. d. ce n' est pas en pleurant qu' on peut empêcher quelqu' un de mourir. [2.165]
frantsay

Ohabolana 81 [Reniakoho](#) fatora-mahazaka, ka mitondra ny tsy eran' ny **aina**. [2.415 #857, 2.558 #3744, 2.653 #2781]

Dikanteny Poule qu' on attache avec un câble : elle porte ce qui est au-dessus de ses forces.
frantsay [2.415 #857]

Fanazavana A chacun sa condition ; il ne faut pas imposer à quelqu' un une charge au-dessus
frantsay de ses forces. [2.415 #857]

Ohabolana 82 Sandry be tsy hery; [fahatanorana](#) tsy ody faty. [2.165 #1928]

[Sandry](#) be tsy [ody aina](#), [fahatanorana](#) tsy [ody faty](#), tonon' [andro](#), tsy voavidin-karena. [2.558 #250]

Sandry be tsy ody [aina](#), ny [hatanorana](#) tsy ody faty ; fa samy ho faty [avokoa](#). [2.653 #2859, 2.974 #167]

Dikanten-
frantsay La vigueur du bras ne retient pas la vie, la jeunesse n'est pas un remède contre la mort : tous doivent mourir. [2.974 #167]
Un grand bras n'est pas de la force; la jeunesse n'empêche pas la mort. [2.165 #1928]

Ohabolana 83 Sikidim-boka, ny tohan' [aina](#) : [miziriziry](#), ny [aretina](#) toa hanapa-kozatra. [2.558 #3878]
Sikidim-boka: ny tokin' [aina](#) [miziriziry](#), fa ny aretina no [hanapaka](#) ozatra. [2.415 #134, 2.653 #2890]

Dikanten-
frantsay Lépreux qui consulte le sikidy : on a beau lui promettre monts et merveilles, la maladie lui coupe les nerfs. [2.415]

Fanazava-
frantsay On ne peut rien contre le destin, le sikidy ne fait que manifester le destin ; sens général : le conseil est excellent mais la difficulté reste. [2.415]

Ohabolana 84 [Singam-bolo](#) tsy [mahafehy](#) faty. [2.165 #2104, 2.974 #168]
[Singam-bolo](#) tsy [mahafehy faty](#), ny [ranomaso](#) tsy [mahasakana](#) ny [nenina](#). [2.558 #3895]
[Singam-bolo](#) tsy [mahafehy](#) faty; ranomaso tsy [mahatana](#) [aina](#). [2.415 #2920, 2.653 #2898]

Dikanten-
frantsay Un cheveu ne lie pas un cadavre, des larmes ne retiennent pas la vie. [2.415 #2920]
Un seul cheveu ne peut attacher un corps. [2.165]
Un seul cheveu ne peut attacher un mort. [2.974 #168]

Fanazava-
frantsay C' est une grande affaire que de préparer le corps pour le porter au tombeau. [2.165]

Ohabolana 85 [Sombin' aina](#). [2.415 #1002]
[Sombin'](#) ny [aina](#). [2.415 #1002]

Dikanten-
frantsay Les enfants sont comme une parcelle de la vie des parents. [2.415 #1002]

Fanazava-
frantsay Expression très usitée pour désigner les enfants. [2.415 #1002]

Ohabolana 86 Taon-jezika an-kady ka [aina](#) no [fetra](#). [2.415 #3752, 2.165, 2.558]

Dikanten-
frantsay Porter du fumier dans le fossé, on en a pour toute la vie. [2.415 #3752]
Porter du fumier dans le fossé, on en a pour toute sa vie. [2.165]

Fanazava- Il faudra toujours en porter et travailler toute la vie. [2.415 #3752]

frantsay On aura besoin de fumier tant qu' il y aura des rizières. [2.165]

Ohabolana 87 [Tao-zava-drafozana](#) : [avo](#) roa [toko](#) ny [aina](#). [2.415 #1477]

Dikanten-
frantsay Quand on travaille pour ses beaux-parents on montre deux tiers de forces de plus. [2.415 #1477]

Fanazava-
frantsay On cherche à se faire bien voir des beaux-parents ou des chefs. [2.415 #1477]

Ohabolana 88 Tenin' [aina](#), [tahaka](#) ny [salakan'](#) Atsimon-drova. [2.653 #3078]
[Tenin'](#) [aina](#), [tahaky](#) ny [salakan'](#) atsimon-drova. [2.415 #685]

Dikanten-
frantsay Agir en maître ou avec force, comme la manière de porter le salaka autour des reins chez les gens qui habitent au sud du palais. [2.415]

Fanazava-
frantsay Ce proverbe disait l' autorité orgueilleuse, ou plus généralement un grand effort. [2.415]

Ohabolana 89 [Torimason-jamba](#) : [aina](#) no [fetra](#). [2.653 #3151, 2.974 #173]
[Torimason-jamba](#) ka [aina](#) no [fetra](#). [2.558 #275]
[Torimason'](#) ny [jamba](#) : [taolam-balo](#) no [fetra](#). [1.147 #T106]

Dikanten-
frantsay Le sommeil de l'aveugle dure jusqu'à sa mort. [2.974 #173]

Ohabolana 90 Tsy jabany ny [ainy](#). [2.415 #6327]
Tsy tsapany ny [ainy](#). [2.415 #6327]

Dikanten-
frantsay Il ne tient pas compte de sa vie et s' expose au péril. [2.415 #6327]

Ohabolana 91 Tsikin' [olon-tiana](#), ka sady [toky](#) no vahatry ny [aina](#). [2.558]

Ohabolana 92 Tsy mba ny [miray donak' afo](#), fa ny [miray ombon' aina](#). [2.558 #4557]
Tsy mba ny [miray ombon' afo](#), fa ny [miray ombon' aina](#). [2.653 #3395]

Ohabolana 93 Tsy misy be [aina](#) noho ny [alika](#), fa raha manodidina any [Itasy](#), [valaka](#). [2.653 #3509]
Tsy misy be [aina](#) noho ny [alika](#), fa raha manodidina an' [Itasy](#), [valaka](#). [2.415 #4035]
Tsy misy be [aina ohatra](#) ny [alika](#), fa raha manodidina an' [Itasy valaka](#). [2.558]

Dikanten-
frantsay Personne n' a autant de force que le chien, et pourtant quand il fait le tour du lac Itasy, il est fatigué. [2.415 #4035]

Fanazavana Paroles d'excuses. [2.415 #4035]
frantsay

Ohabolana 94 Tsy misy be **aina** noho ny [alika](#), fa raha [voky](#) ran-kena, [mandry lalana](#). [2.653 #3510]

Ohabolana 95 Tsintsina mitondra [sompanga](#): ny taona dia [zina](#), fa ny kibo [hasiana](#) no tsy misy. [2.653 #3320]
[Tsintsina mitondra sompanga](#) : ny [taona](#) dia [zina](#) fa tsy [omby](#) ny [kibo](#). [2.558 #4450]
[Tsintsina mitondra sompanga](#) : [tongan'](#) ny **aina**, fa tsy [omby](#) ny [vava](#). [2.558 #4451]
Tsintsina nahazo [sompanga](#): nahazo lehibe, fa tsy [omby](#) ny kibo. [2.415 #5880, 2.653 #3321]
[Tsintsina](#) nitondra [sompanga](#) : ny [taona](#) dia [zina](#), fa ny [kibo](#) [hasiana](#) no tsy misy. [2.415 #2410]
[Tsintsina](#) nitondra [sompanga](#) : [tongan'](#) ny **aina**, fa tsy [omby vava](#). [2.415 #5880, 2.653]
Tsintsina nitondra [sompanga](#): [tongan'](#) ny **ainy**, fa tsy [omby](#) ny [vavany](#). [2.165]

Dikanten'y Petit oiseau qui porte de grosses sauterelles : c' est un temps d' abondance, mais il n' a pas de ventre pour les mettre. [2.415 #2410]
frantsay Petit oiseau tsintsina qui a pris une grosse sauterelle sompanga il a pris une grosse proie, mais son ventre ne peut pas la contenir. [2.415 #5880]
Un "tsintsina" (petit oiseau) portant une "sompanga" (grosse sauterelle): il a été assez fort pour l' apporter, mais elle est trop grosse pour son bec. [2.165]

Fanazavana Avoir des yeux plus gros que le ventre. [2.165]
frantsay Les yeux plus gros que le ventre. [2.415 #5880]

Ohabolana 96 Tsitsio ny [harena](#), fa tsy [mifamotoana](#) ny **ainao** sy ny [faharetany](#). [2.415 #2412]

Dikanten'y Économisez vos richesses, car leur durée et celle de votre vie ne se sont pas frantsay entendues d' avance pour concorder. [2.415 #2412]

Ohabolana 97 [Valala](#) samborim-[boka](#) : na tsy [afak'](#) **aina** eo no ho eo aza, dia. [2.415]

Dikanten'y Sauterelles prises par un lépreux, si elles ne sont pas mortes sur le coup. [2.415]
frantsay

Fanazavana Se disait des gens qui manquaient de délicatesse et d' adresse. [2.415]
frantsay

Ohabolana 98 [Veloma fo](#) aman' **aina**. [2.415 #4178]

Dikanten'y Puissiez-vous avoir la vie sauve et qu' aucun malheur ne vous frappe. [2.415 #4178]
frantsay

-
- Ohabolana 99** [Very](#) vahatry ny **aina**, [tahaka](#) ny [maty zanaka lahi-matoa](#). [2.558 #4947]
[Very](#) vahin' ny **aina** toy ny [maty zanakalahy](#) matoa. [2.415 #8]
[Very](#) vahitry ny **aina**, toy ny [maty zanakalahy](#) matoa. [2.653 #3671]
- Dikanten'ny frantsay Perdre la liane de sa vie comme celui qui perd son fils aîné. [2.415 #8]
- Fanazavana frantsay Dans le langage figuré la liane verte était le symbole d'un appui solide. [2.415 #8]
-
- Ohabolana 100** [Vitsika](#) nahazo [valala](#): [tonga](#) ny [entana](#), fa ny [vava](#) no tsy [omby](#). [2.165 #637]
[Vitsika](#) nahazo [valala](#) : zakan' ny **aina** fa tsy [omby](#) ny [vava](#). [2.558 #4957]
- Dikanten'ny frantsay Des fourmis qui ont pris une sauterelle; le butin est arrivé, mais la bouche est trop petite (pour le manger). [2.165]
-
- Ohabolana 101** [Voalavo mihazakazaka](#) an-kentona: tsimbino ny **aina**, fa lavitra [hianjerana](#). [2.415 #6262, 2.653 #3693]
- Dikanten'ny frantsay Rat courant à un endroit très élevé, veille sur ta vie, car l'endroit où tu tomberas est bien loin. [2.415 #6262]
- Fanazavana frantsay Soyez vigilant et prévoyant. [2.415 #6262]
-
- Ohabolana 102** [Volon-katsaka misakan-tadio](#), ka manohana ny tsy eran' ny **ainy**. [2.165 #910]
[Volon-katsaka misakan-tadio](#), ka [manohitra](#) ny tsy eran' ny **aina**. [2.558 #5023]
[Volon-katsaka misakan-tadio](#) : [manohitra](#) ny tsy eran' ny **aina**. [2.415 #801, 2.653 #3731]
- Dikanten'ny frantsay Barbe de maïs qui s'oppose au tourbillon : elle lutte contre ce qui est au-dessus de ses forces. [2.415 #801]
Des fleurs de maïs s'opposant à un ouragan: elles tentent ce qui leur est impossible. [2.165]
- Fanazavana frantsay Se disait des petits et des faibles luttant contre le malheur ou contre les grands. [2.415 #801]
-
- Ohabolana 103** [Voromahery miongo-bolo](#) : ny **aina** be ihany, fa ny ho [enti-manidina](#) no tsy misy. [2.415 #697, 2.558 #5037, 2.653]
- Dikanten'ny frantsay Aigle qui mue : la force est grande, mais ce qui manque, c'est de quoi voler. [2.415 #697]
- Fanazavana frantsay Se disait des grands qui n'exerçaient pas leur puissance. [2.415 #697]

FOMBA AMAM-PANAO MALAGASY

NY FANAHY NO MAHA-OLONA

-Ny fahafatessana :

-ny famangiana

Ny fahaterahana

-ny ro-patsa

Ny famorana

-

Ny fahazazana

-ny lalao

-ny fianarana

-ny namana

Ny fahatanorana

-ny namana

-ny asa

Ny fanambadiana

-ny fofom-bady

-ny vodopndry

-ny tso-drano

-ny toka,-trano

Ny maha ray-aman-dreny

-ny anaran-jaza

-ny fitaizana

-ny zanaka

-ny asa

Ny fahaterana

-ny vodi-akoho

-ny valibabena

-Dadabe- Nenibe

-ny zaafikely/ nafiafy